Ny Fiangonana Sy Ny Toerany

Aretina tena tsy fahita amin'ny ankizy anankiray mihitsy ka mila tsarovana am-bavaka manokana izao maraina izao, koa azo antoka fa tiantsika rehetra ny hanao an'izany. Ireo dokotera aza tsy mahafantatra akory. Nomen'izy ireo karazana anarana anankiray ilay izy, saingy izaho dia mihevitra fa namorona anankiray fotsiny izy ireo mba hanomezana an'ilay izy, izy ireo—izy ireo dia tsy mahafantatra hoe inona ilay izy. Ary, fa Kristy kosa dia mahafantatra hoe inona ilay izy. Azoko lazaina aminareo hoe inona ilay izy, ny devoly anankiray io, marina izany, ny Devoly. Izay anarana tian'izy ireo homena azy, dia, miankina amin'izy ireo izany. Saingy izany ilay izy, hitanareo, fanahy ratsy anankiray. Ankehitriny ndao isika, miaraka daholo, indray mandeha miaraka ankehitriny, *Minoa Fotsiny*, ny olona rehetra mihitsy, ankehitriny.

Minoa fotsiny, minoa fotsiny,
Ny zava-drehetra azo atao, minoa fotsiny;
Minoa fotsiny, minoa fotsiny,
Ny zava-drehetra azo atao, fotsiny . . .

2 Hanasitrana anao ny Tompo, ranabavy. Ndao isika ankehitriny hivavaka ho an'ilay zazavavy ankehitriny raha manondrika ny lohantsika isika.

3 Rainay An-danitra, toy ny hoe tsy vitako fotsiny ny manala an'ilay izy ato an-tsaiko. Io zazavavy kely eo io, an-dàlam-pahafatesana izy, malalan'olona anankiray izy. Famorononanao izy, ary Satana no mandroba aminy ny fiainana tanorany. Mivavaka aho mba amin'ny Anaran'i Kristy no Hampijanononanao an'ilay tànam-pahafatesana, hampandositra an'ilay fahavalo. Ianao, Tompo, Izay nanao an'ilay Ranomasina Mena ho lasa rindrina teo amin'ilany avy, ka nanome ho an'ny zanak'Isiraely, ilay Lovanao, dia tsy nisy loza niampita an'ilay ranomasina ary hatrany amin'ilay tany nampanantenaina. Andriamanitra, mivavaka izahay androany mba Hanesoranao ny sakana rehetra ka hamela an'ilay zaza ho velona. Nomena anay ny hangataka. Ary, amin'ny maha-andian'olona izay mino Anao, dia mangataka ny fanasitranana an'ilay zaza izahay amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

4 Androany dia amin'ny fo mankasitraka anankiray aho—aho no tonga eto aminareo indray amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy. Nody alohaloha kely fotsiny aho avy tany Louisiana. Nieritreritra aho fa angamba raha tonga eto alohan'ny Alahady

aho dia afaka ny hanana sekoly Alahady aho. Ary koa tena diso mafana loatra ny andro tany, ka izahay. . . tsy ho mafy ity, mangatsiatsiaka izao maraina izao raha miohatra amin'ny an'i Louisiana. Tsy ho tafapetraka ao anatin'ny tranobe tahaka an'ity ianareo raha tsy misy milina mpitsoka rivotra mihoatra ny anankiray, any Louisiana, tsy maintsy rivotra mangatsiaka ilay izy fa raha tsy izany dia ho torana ianareo.

5 Ary noho izany dia tonga aho mba hahazo iray na roa andro fialan-tsasatra alohan'ny handehana avy hatrany ankehitriny, ho any Saskatchewan Avaratra, amin'ny herinandro ho avy, ary izany dia hatrany Prince Albert. Izany dia any amin'izay lavitra indrindra azon'ny làlana aleha, avy aty amin'ilay ilany hafa. Mitety hatrany manerana an'ilay tany izany nefa tsy misy làlana intsony, ary tsy misy afa-tsy ireo Indiana sy Eskimô no ao anatin'ilay faritra mitoka-monina izay halehanay amin'izao. Noho izany dia manana olona betsaka izahay ho any amin'izany fivoriana izany avy any Canada rehetra any. Ny sasany amin'izy ireo dia tena ho avy any amin'ny Morontsiraka Andrefana mihitsy, hoy izy ireo, no ho avy. Ary maniry tokoa ny vavakareo vahoaka aho, mba hihaonan'Andriamanitra aminay sy hanomezany anay fivoriana manan-tombo, be dia be, lehibe ho an'ny Voninahiny. Teo amin'ny efatra na dimy taona izao no nandehanako tany Canada. Ary manana sakaiza tena mahatoky tokoa aho any, izay olona tena mahafinaritra tokoa.

6 Ary noho izany dia tena mahatoky tokoa izy ireo mandeha any am-piangonana. Tsy mampaninona na mangatsiaka toy ny ahoana aza, hirakotra bodofotsy izy ireo ka hipetraka eo ambonin'ny kalesy mikorisa anankiray, ary hitaingina soavaly mandritry ny telopolo maily, mba hahafahana ho tonga any am-piangonana. Mandeha an-tongotra eo amin'ireo antontan-dranomandry sy ny zavatra hafa izy ireo, tanora sy antitra. Mivondrona miaraka izy ireo. Ary ny fianakaviana anankiray maka ny iray hafa dia manomboka mandeha an-tongotra izy ireo, dia lasa. Izany dia—izany dia ny fahafoizan-tena izay ataon'izy ireo no mahatonga azy ireo mahazo betsaka avy amin'ny fivoriana. Raha tsy misy fahafoizan-tena, dia tsy misy tena betsaka amin'ny fivoriana. Tsy maintsy manomboka ianareo ary manao zavatra izay tena maharary tokoa, tsy maintsy mamela zavatra ery an-jorony ka manajanona ny asa, ary manao an'*ity* na *itsy*, mba hahafahana mandeha any am-piangonana ka maneho amin'Andriamanitra fa tia Azy ianareo, ary manao fahafoizan-tena anankiray handehanana, amin'izay fotoana izay vao mahazo zavatra avy amin'izany ianareo.

7 Tena tahaka an'ireo zanako ireo mihitsy. Billy Paul, nieritreritra aho fa izaho dia. . . Tsy mba nahazo na inona na inona aho fony aho mbola zaza. Mama taloha no nividy

vatomamy fonosana iray angamba dia notsinjarainy izany, singany roa na telo isan'olona. Angamba ho an'ny Krismasy dia nahazo trompetra vy fotsy kely anankiray izahay na basy misy fingotra kely anankiray, na zavatra anankiray. Ary nahita an'ireo ankizy sasany aho niaraka tamin'ny kalesy mikorisa sy bisikilety sy ny sisa, akanjo tsara sy palitao mafana. Ary izaho—izaho, tena nahatonga ahy halahelo mafy mihitsy izany, hoy aho hoe, "Raha mba hanana ny zanako manokana aho, dia hanao ny zavatra rehetra izay azoko atao aho ho azy ireo." Eny, nekeko ny ho noana mba hahazoana zavatra ho an'ireo zanako. Ka rehefa niaina aho. . . Raha mbola zazalahy kely mihitsy i Billy, dia nividianako bisikilety kodiaran-telo kely anankiray izy, ary nomeko ny zavatra rehetra izy. Ary nandraman'i Meda ny zavatra rehetra, namoy ny akanjony manokana sy ny sisa, mba hanome zavatra azy. Saingy mba fantatrareo ve izay nanomboka hitanay? Nomeko bisikilety kodiaran-telo kely anankiray izy, sy tsipika anankiray sy zana-tsipika, sy ny sisa. Hitako izy niaraka tamin'ny—ny sotro anankiray na tapa-kazo anankiray, tery amin'ny faran'ny tokotany, nangadingady teny ho eny. Hitanareo? Hoy aho hoe, "Ny manaraka dia tsy ho toy izao intsony." Hitanareo? Raha omenareo eny an-tànan'ny olona mihitsy ny zavatra rehetra, dia tsy tiany izany. Ilay izy dia zavatra izay tsy maintsy nahafoizanareo tena!

8 Ary tahaka izany koa ny famonjena. Tena fahafoizan-tena feno anankiray izany. Izany izy io, Rahalahy Roy. Izany dia—izany dia fahafoizan-tena anankiray izay tsy maintsy ataonareo isan'andro, zavatra mba—mba hanatonana akaiky an'Andriamanitra ka hanaovana zavatra. Ary fantatro fa fahafoizan-tena anankiray ho anareo rehetra izao maraina izao, ny mipetraka eto amin'ity tranobe mafana ity. Ary raha mipetraka eto isika, dia aoka isika hihazona ny saintsika eo amin'ilay Fahafoizan-tena lehibe indrindra izay hany nomena ny taranak'olombelona mba hataony, dia Jesosy Kristy izany rehefa notendrena ho tonga tety an-tany Izy mba ho faty teo amin'ny toerantsika. Tsy izany ihany, fa nidina tany amin'ny helo ny Fanahiny ka tao nanditry ny telo andro sy alina, ary tamin'ny andro fahatelo dia nitsangana Izy, ary ankehitriny dia niakatra any amin'ny avo, nipetraka eo an-tànana ankavanan'Andriamanitra, any An-danitra, manao fanelanelanana ho an'ny fifonantsika avy amin'ny Fanati-panonerany sy ny Fahasoavany izay efa nomanina ho antsika.

9 Ankehitriny any amin'ny. . . any amin'izay halehanay, dia hisy olona betsaka, tena mahantra, tena mahantra, izay tsy maintsy hivarotra ny anankiray amin'ireo ombivaviny, roa na telo amin'ireo ondriny, na zavatra, mba hahafahana ho tonga amin'ny fivoriana. Ilay Eskimô antitra dia angamba hitondra

ny sasantsany amin'ireo hoditra ka hivarotra an'izany, nefa tena ilainy ho an'ny fianakaviany, mba ho tonga. Ilay Indiana mpivarotra dia tsy maintsy hanao tahaka an'izany. Ankehitriny, isika kosa fara-faharatsiny dia afaka mivavaka ho an'ireo olona ireo, sa tsy izany? Ary mivavaka isika mba hanomezan'Andriamanitra azy ireo zavatra lehibe anankiray.

10 Ankehitriny, mafana ny andro, tsy te-hitazona anareo ela aho. Ary tiako isika izao maraina izao hampifantoka ny fisainantsika, mialoha indrindra ny hivavahantsika ho an'ny marary, eo amin'ny *Fiangonana Sy Ny Toerany*. Ary, ankehitriny, tsapako izany andro vitsy lasa izay fa Hafatra anankiray ho an'ny fiangonana no nomena ahy tany Shreveport, Louisiana, ary izaho—izaho dia mino fa izany dia ireo toeran'ny fiangonana. Ary hanatrika an'Andriamanitra miaraka amin'izany isika izao maraina izao, ka hivavaka sy hangataka an'Andriamanitra hanampy antsika. Tsy mikasa hanao an'ilay fanatonana mitovy aho, fa mangataha an'Andriamanitra hanampy antsika ao amin'izao andro izay iainantsika izao. Ary mialoha indrindra . . . Ity no Baiboly tranainy sarobidy, saingy ao anatiny mihitsy kosa no mipetraka ireo votoatin'ny Fiainana Mandrakizay.

11 Ary tsarovy, ny Teny dia Andriamanitra, Andriamanitra dia tsy hafa fa ny Teniny. Ary isika dia tsy hafa fa ny tenintsika, ary isika raha manao . . . Mazava ho azy, ankehitriny, ianareo sy izaho dia ao anatin'ny toerana samihafa anankiray . . . hevitra, isika samy afaka—isika afaka milaza hoe, "Oh, hanao zavatra anankiray aho," te-hanao an'izany isika ao am-pontsika, saingy mety mipoitra ny toe-javatra izay tsy hahafahantsika—tsy hahafahantsika manao an'ilay nolazaintsika fa hataontsika. Fa Andriamanitra kosa tsy afaka manao an'izany, satria tsy manam-petra Izy ary mahafantatra ny zavatra rehetra Izy, dia ny zavatra rehetra izay efa nisy, hisy, na . . . Noho izany, dia tsy afaka manao filazana anankiray Izy raha tsy efa Fantany fa afaka manatanteraka an'izany Izy.

12 Ary Abrahama, rehefa zato taona izy, dia niantso an'ireo zavatra rehetra izay tsy nisy ireo izy, ho tahaka ny efa nisy. Ankehitriny dia milaza an'izao aho ho fampaherezana ho an'ireo izay hivavahana, ireo marary. Abrahama dia niantso ny zavatra izay tsy nisy, ho toy ny efa nisy, nihevitra fa Izy Izay nanao an'ilay teny fikasana dia afaka ny hanatanteraka, na, hihazona an'izay Nampanantenainy. Ankehitriny, rehefa niteny tamin'i Abrahama Andriamanitra, rehefa enina . . . dimy amby fitopolo taona izy, ary i Saraha dia dimy amby enimpolo taona, fa hanan-janaka izy ireo, dia, tsy nety avokoa izany. Fa nino an'izany izy ary nanantena an'ilay zaza, ary nihevitra ho toy ny efa teo tsara mihitsy ilay zaza, nandritry ny dimy amby roapolo taona talohan'ny nahatongavan'ilay zaza mihitsy. Ary

zato taona i Abrahama vao teraka ilay zaza, ary sivifolo taona i Saraha, satria nino Azy izy. Ary niantso ny zavatra izay tsy misy, ho toy ny efa nisy izy.

13 Ankehitriny, izany dia ho an'ny marary sy ny ory izay hivavahana. Tsy mampaninona izay aretinareo, na iza ianareo . . . na inona karazana aretina mahazo anareo, na marary mafy toy inona ianareo, rehefa manaiky an'i Kristy ianareo, ny Teniny, amin'izay fotoana izay dia miantso ny zavatra izay misy, ho toy ny tsy nisy ianareo, raha tsy manohitra ny Tenin'Andriamanitra izy ireo. Ankehitriny, hoy Andriamanitra hoe, "Ny fivavaky ny finoana no hamonjy an'ilay marary." Eny, raha Andriamanitra no niteny an'izany, dia vita hatreo ilay izy. Noho izany dia ndao isika hametraka ny fisainantsika, ny fanantenantsika, ka hanao ho toy ny efa vita izany. Efa nifarana mihitsy izany raha manaiky an'izany isika.

14 Toy izany koa ny famonjena. Mino azy isika, manaiky azy, mino azy ao am-pontsika, mandeha eo anatrehan'Andriamanitra ary manaiky an'i Kristy ho Mpamonjintsika manokana, ka manaiky Azy. Raha eto ianareo izao maraina izao, ka mpanota anankiray, sady tsy voavonjy, ka te-ho sitrana ianareo, marary ianareo, dia tadiavo aloha ny Tompo. Maneke Azy ho Mpamonjinareo, avy eo dia hivoaka avy hatrany io aretina io. Na inona na inona ilay izy, dia apetraho ny fisainanareo manontolo (amin'izay zavatra rehetra mahazo anareo) eo amin'ilay Lehilahy feno, Kristy Jesosy, dia ho tsara ny zavatra sisa rehetra.

15 Noho izany ankehitriny dia tazony eo amin'izany ny fisainantsika, satria nilaza an'ireo teny vitsy ireo aho ho an'ireo izay marary sy ory, mba hiresahako ny amin'ny fiangonana izao maraina izao sy ilay toerana. Fa tsapako fa na dia mahafinaritra aza ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, fa rehefa tany Shreveport aho, dia teo amin'ny asa fanasitranana anankitelo teo fotsiny ihany no nananako rehefa tany aho, telo, na angamba efatra, fara-fahabetsany, tamin'ny iraika ambin'ny folo andro. Fa zava-dehibe lavitra ny mitory amin'ny fanahin'ny olona noho ny mametraka fotoana betsaka ho an'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Na dia, marary sy mila zavatra aza ny olona, dia afaka manasitrana azy ireny Andriamanitra. Ary efa nohamarinina eran'izao tontolo izao izany, fa manao Izy. Fa ny zavatra lehibe, ankehitriny, dia ilay fanahy izay tsy ho faty mihitsy. Ny vatana dia ho faty. Fa ny fanahy kosa dia tsy ho faty mihitsy, ary tsy maintsy mitazona an'izany hahavo izany isika ka mahitsy miaraka amin'Andriamanitra.

16 Milaza an'izao matetika aho. Tiako ho vita ny zavatra rehetra, satria rehefa tonga eo amin'ilay renirano aho amin'io

maraina io, dia tsy mila olana mihitsy aho eo. Mila manana ny tapakilako eny an-tànako aho, miandry ny anarako. Ary te-hiteny aho, tahaka an'i Paoly fahiny, Rahalahy Creech, "Nahafantatra Azy tao amin'ny herin'ny Fitsanganany aho." Ka rehefa miantso an'ireo avy amin'ny maty Izy, dia hivoaka aho . . . te-hahafantatra Azy ao amin'ny herin'ny Fitsanganany aho.

17 Koa, ankehitriny, Izy Izay Mpanoratra an'ilay Boky, ndao isika hanondrika ny lohantsika sy ny fontsika ho Azy mandritry ny fotoana vitsy monja.

18 Ary, Andriamanitra, Rainay, manatona Anao izahay ankehitriny, mba hangataka Anao hanokatra ny Teninao ho anay. Afaka mamadibadika ny pejy izahay, saingy ny Fanahy Masina irery ihany no afaka manokatra ny Teny. Koa sokafy Izany ho anay izao maraina izao, Ray, ary omeo anay ilay manan-tombo be dia be avy amin'ny Fahasoavanao. Miandry Anao izahay. Ary enga anie ny Fanahy Masina hiditra ao amin'ny Teny, ka hanome an'Izany amin'ny alàlan'ny molotr'olombelona ho an'ny fon'olombelona, ary enga anie Izy handray an'Izany ka hametraka an'Izany ao anatin'ny fo tsirairay arak'izay ilainay mihitsy. Ka rehefa mifarana ny fivoriana, ka vonona ny hiverina any an-tranonay izahay, dia hanondrika ny lohanay am-panetre-tena izahay ka hisaotra Anao sy hidera, ny amin'izay rehetra nianaranay avy Taminao sy izay Nataonao ho anay. Amin'ny Anaran'i Kristy no angatahanay an'izany. Amena.

19 Ny famakiana ny Teny, ao amin'ny Md. Jaona, ny toko faha-1, ianareo izay manana Baiboly sy te-hamaky miaraka amiko na handray an'izany ho lohahevitra anankiray. Ary hamaky ny lohahevitra avy ao amin'ny Teny isika, ary avy eo dia ndao isika hivavaka, ary mba ny Fanahy Masina no handray ny tsoa-kevitra avy amin'ny Teny homena antsika. Afaka mamaky an'Izany isika, isika izay mahay mamaky dia afaka mamaky an'Izany, saingy Andriamanitra irery ihany no afaka mamoaka ny tsoa-kevitra. Ny lohahevitra dia azo vakiana, satria Teniny Izany, fa avy eo ny—ny tsoa-kevitra dia tsy maintsy omen'Andriamanitra. Ankehitriny, ao amin'ny Md. Jaona, toko faha-1, ary ndao isika hanomboka amin'ny andininy faha-28 ka hamaky hatrany amin'ny faha-32, manontolo.

> *Izany zavatra izany dia natao . . . an-dafin'i Jordana, izay nanaovan'i Jaona batisa.*
>
> *. . . ny ampitso dia nahita an'i Jesosy nanatona azy i Jaona, ka* nanao *hoe, Indro ny Zanak'ondrin'Andriamanitra, izay manaisotra ny* fahotan'*izao tontolo izao.*
>
> Ary *izy no nolazaiko hoe, Aoriako dia misy lehilahy iray izay efa tonga eo alohako: satria izy no talohako.*

Ary tsy nahalala azy aho: fa izy . . . *fa mba izy no* . . . haseho *amin'ny Isiraely, noho izany aho* dia *tonga manao batisa amin'ny rano*.

. . . *Jaona nanambara, nanao hoe, izaho nahita ny Fanahy midina avy any an-danitra tahaka ny voromailala, ka nitoetra teo amboniny izany*.

Tiako ny hamaky an'izany indray, io andininy farany io, ny andininy faha-32.

Ary Jaona nanambara, nanao hoe, izaho nahita ny Fanahy midina avy any an-danitra tahaka ny voromailala, ka nitoetra teo amboniny izany.

20 Ankehitriny enga anie ny Tompo hanampy ny Fitahiany amin'ny Teny. Tiako ianareo hiezaka ny—ny hahazo ny teny tsirairay raha azonareo atao. Afaka mandre ahy tsara ve ianareo any aoriana? Eny àry, afaka mandre ahy ve ianareo ery aoriana ery? Raha afaka ianareo, dia atsangano ny tànanareo. Tsara izany.

21 Ankehitriny, te-hiresaka aminareo aho izao maraina izao amin'ny—ny fanoharana, amin'ny fomba anankiray izay na dia ny—ny olona tsy mpandeha am-piangonana indrindra aza eto dia afaka hahazo. Ankehitriny, tonga aty am-piangonana isika mba hanatsara ny tenantsika. Tonga isika mba hanao ny tenantsika ho olona tsara, Kristiana tsara, tera-tany tsara, ray tsara, reny tsara, mpiara-monina tsara. Tonga isika satria Kristy no niteny tamintsika fa raha ho tonga isika, hangataka na inona na inona amin'ny Anarany, na aiza na aiza hiangonantsika misy roa na telo, dia hiaraka amintsika Izy ka hanaiky an'izany ho antsika. Noho izany, inona moa no mety ho betsaka, mety ho tsara ho antsika mihoatra noho ny fahafantarana fa isika dia ao amin'ny fiangonana mba hanatsara ny tenantsika, mba hanitatra ny fahalalantsika? Firy no hiteny hoe, "Izany no antony maha-eto ahy"? Aoka ho hita. "Izaho—izaho mila fahalalana tsara." Ary isika tsy afaka—isika tsy afaka hahazo fahalalana tsara raha tsy . . . Ary raha hahazo fahalalana anankiray an'Andriamanitra isika, dia tsy maintsy mivoaka avy amin'ny Tenin'Andriamanitra izany, satria ny Teny dia izay omen'Andriamanitra mba hamahanany ny fanahintsika noana. Ary ny Fanahy Masina dia nirahina handray ny Tenin'Andriamanitra sy hamahana antsika amin'ny Teny. Hitanareo ve izany? Hitanareo, isika . . . Ny Fanahy Masina dia nirahina avy tamin'Andriamanitra, mba handray ny Tenin'Andriamanitra ka manome an'Izany ho antsika arak'izay ilaintsika. Ankehitriny, tena faly aho fa Andriamanitra no nanamboatra vatsy tahaka an'izany. Tsy ianareo ve? Mba Hamahanany antsika.

22 Isika no ondrin'ny Valany. Hiresaka ny amin'izany isika afaka kelikely, ny ondry. Ary isika no fiseho telon'ny

vatan'Andriamanitra, ary rehefa afaka manana ny fifehezana feno antsika Izy dia afaka mitondra antsika Izy sy mitari-dàlana antsika.

23 Ankehitriny, tena mahafaly an'Andriamanitra, fa rehefa naniraka an'i Jesosy tety an-tany Izy, dia nahafaly Azy ny naneho Azy ho toy ny biby anankiray, ary izany biby izany dia ny zanak'ondry. Tany am-piandohana tany, tao amin'ny Sahan'i Edena, tao amin'ny aloka mialoha an'ny fihavian'i Jesosy, dia nanatitra Andriamanitra, na naka zanak'ondry anankiray mba ho solom-panatitra tao amin'ny aloka mialoha an'ny fihavian'i Kristy. Ankehitriny, manontany tena matetika aho hoe nahoana io Andriamanitra io no nanao aloka mialoha an'i Kristy ho tahaka ny biby anankiray, tahaka ny bibi-dia anankiray. Fa hitantsika fa ny Zanak'ondry, ny antony Nifidianany zanak'ondry anankiray, dia ny zanak'ondry no malemy fanahy indrindra sy mora fanahy indrindra amin'ny zava-boahary rehetra eto an-tany. Tsy misy na inona na inona malemy fanahy indrindra sy mora fanahy indrindra noho ny zanak'ondry kely anankiray, tena tsy manan-tsiny, tsy mahavita tena. Izy—izy dia tsy masiaka. Izy dia zava-boahary mora fanahy, malemy fanahy kely anankiray. Ary rehefa naneho an'i Kristy tamin'izao tontolo izao Andriamanitra, dia naneho Azy tao anatin'ny zanak'ondry anankiray Izy.

24 Ankehitriny, fa rehefa Andriamanitra, Andriamanitra Ray, Jehovah, no naneho ny Tenany avy tany An-danitra, dia naseho tao anatin'ny malemy fanahy indrindra Izy, manetry tena indrindra tamin'ny voro-manidina rehetra izay manidina eny amin'ny lanitra, izany dia, ny voromailala. Tsy misy vorona mora fanahy indrindra noho ny voromailala. Efa tena nanao fandinihana teo amin'ny fiainam-borona sy ny fiainan'ny bibidia aho, fa ny voromailala no tena vorona hafahafa amin'ny vorona hafa izay manidina eny amin'ny lanitra. Ny voromailala dia ma—ma—manam-pitiavana. Ny voromailala dia mora fanahy. Ny voromailala dia tsy manana afero, izy irery ihany ao amin'ny fianakaviam-borona no tsy manana afero. Izany no antony tsy ahitanareo mihitsy ny voromailala na aiza na aiza afa-tsy eo amin'izay misy voan-javatra sy voa. Ankehitriny, ny . . .

25 Tao amin'ny sambofiara, dia nisy voromailala anankiray. Ary ny voromailala dia voaseho amin'ny toerana maro ao amin'ny Baiboly. Mariky ny Fanahy Masina izy. Ary ny zanak'ondry koa dia voaseho amin'ny toerana maro an'ny Baiboly, ho Kristy, ao amin'ny Apokalypsy, hatrany amin'ny Genesisy rehetra any, dia toy izany koa ny voromailala.

26 Ary ao amin'ny Bokin'ny Genesisy, dia tao anatin'ny sambofiara ny voromailala, nipetraka teo amin'ny ratsan-kazo niaraka tamin'ny—niaraka tamin'ny sisa amin'ny

voro-manidina rehetra teny amin'ny habakabaka; ary ny anankiray tamin'izany dia goaika iray, goaika iray. Ary ny goaika dia anankiray amin'ireo vorona ratsy fanahy indrindra izay misy, ny goaika sy ny voromanga, no heveriko, ho vorona ratsy fanahy indrindra izay mety ho hitantsika. Ny goaika no vorona ela velona indrindra, ary izy dia velona (ihamboan'izy ireo) mandritry ny, indraindray, roa na telon-jato taona, fa ny goaika . . . Ny boloky anankiray no mbola velona ela noho izany.

27 Fa ny voromailala kosa no biby anankiray na vorona anankiray izay tsy manana afero. Ankehitriny, ny goaika dia afaka mipetraka eto ka mihinana eo amin'ny fatim-biby anankiray. Tsy hahita voromailala anankiray mihitsy ianareo manodidina an'io fatim-biby io. Tsy mahatanty an'izany izy. Ilay fofo-maimbon'izany ao amin'ny orony, tsy hahatanty an'izany izy. Hankarary azy izany. Tsy mahatanty fotsiny izao ny zavatra izay mihasimba izy, mihalo. Tsy mahatanty an'izany izy ireo, noho izany dia tsy afaka hihinana an'izany izy. Raha mihinana an'izany izy, dia hamono eo no ho eo an'ilay voromailala izany, satria ny mandevona ny sakafo dia ilay fitondraky ny afero mankao amin'ny vavony izay mandevona an'ilay sakafo. Ary raha tsy misy afero miditra ao manamboatra an'io, amin'izay fotoana izay dia hamono an'ilay voromailala izany. Noho izany dia hahita ny voromailala eo amin'izay misy zavatra madio foana ianareo, zavatra izay manana endrika salama.

28 Ankehitriny, ny goaika dia hafa. Ankehitriny, mariho fotsiny fa ny goaika dia tandindona anankiray an'ilay mpihatsaravelatsihy. Ny goaika dia afaka mipetraka eo ambonin'ny—ambonin'ny fatim-biby ka mihinana betsaka arak'izay tiany, ary manidina avy hatrany eo amin'ny saha dia mihinana vary, ihany koa. Saingy ny voromailala dia tsy afaka mihinana vary dia avy eo manidina eo amin'ny fatim-biby.

29 Noho izany, ny mpihatsaravelatsihy anankiray, ny olona anankiray dia mety ho mpihatsaravelatsihy anankiray sady mihinana an'ireo zavatra ara-panahy, dia zavatra tsara sy zavatra ratsy. Fa ny Kristiana tena nateraka indray dia tsy afaka mandefitra an'ireo zavatra izay ratsy, fa afaka mihinana fotsiny ihany avy amin'ny zavatra tsara. Mariho izany! Raha mahita namana anankiray ianareo izay afaka mandeha any amin'ny fandihizana, mivoaka dia misotro, mivoaka dia miaina ao anatin'ny fahotana, miverina ao am-piangonana ka angamba miantsoantso tahaka ny masina anankiray mihitsy, inona izy io? Mpihinana fatim-biby izy, afaka mihinana ny zavatra lo sy ny zavatra tsara izy. Fa ny tena Kristiana dia tsy afaka mandefitra an'ireo zavatra ireo mihitsy, satria efa nafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana izy. Ary eo no eo ihany dia tena hanameloka azy izany, ilay

fieritreretana azy fotsiny, dia tena hanameloka azy izany hany ka hampiodina ny endriny izy ka hiala lavitra. Oh, sary anankiray toy inona izany!

30 Ankehitriny, ny zanak'ondry dia biby kely anankiray tena mora fanahy. Izy tsy, izy tsy afaka manampy ny tenany. Izy tsy afaka miankina amin'ny tenany, satria tsy afaka manampy ny tenany izy. Teto andro vitsy lasa izay dia nandeha tany amin'ny vala anankiray aho izay nanaovako fisafoana taloha, ary nahita zanak'ondry kely anankiray aho, fa ny rehetra tamin'izy ireo dia nanalavitra azy tany ho any, ary voasaringotra tanteraka tao anatin'ny antontam-tariby izy. Ary nandry teo ilay biby kely mahantra, nandeha rà sy nibarareoka. Dia nanatona aho ary tsinjoko avy lavitra, teo amin'ny antsasaky ny maily iray teo, dia nisy andian'ondry iray manontolo. Ankehitriny, nandry teo mihitsy izy ary dia ho tonga teo ireo goaika hitsaingoka an'ireo masony tsy ho ela raha tsy nesorinay teo izy. Fa novahako ilay biby kely, nentiko teo amin'ny sandriko izy. Tsy nandà mihitsy izy. Tena nipetraka tsara tokoa izy. Nentiko teo amin'ny sandriko izy. Voalohany—fotoana voalohany, angamba, no mba nikasihan'olombelona azy tamin'ny tànany, saingy mora fanahy izy. Nanaiky ho tarihina izy. Nanaiky hampiana izy. Antenaiko fa hitanareo izany. Nanaiky ny tsy hiezaka hanohitra izy na handaka, na hanaikitra. Tsy mandaka ny zanak'ondry, tsy manaikitra izy ireo; manetry ny tenany fotsiny izy ireo. Ary ity biby kely ity, nentiko izy ary napetrako teo amin'ireo ondry sisa. Tao anatin'ny minitra vitsy dia nahita azy ny mamany, faly toy ny inona izy! Ankehitriny, manome tandindona toy ny inona izany ny amin'ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra!

31 Fantatrareo, any amin'ny toerana izay hamonoan'izy ireo ny ondry, dia fantatrareo fa ny mitarika ny ondry eo amin'ilay famonoam-biby, dia osy anankiray. Fa ny osy no hitarika ny ondry avy hatrany ao amin'ilay lalantsaran'ny trano famonoam-biby, ary, avy eo vantany vao tongany eo amin'ilay lalantsara ny ondry, dia mitsambikina mivoaka izy. Fa, oh, hoy izy ireo hoe, rehefa hamono an'ilay osy izy ireo, dia hiady mafy tokoa izy. Hitanareo?

32 Ary izany no fomba hataon'ny Devoly. Hiezaka hitarika an'ireo zanak'Andriamanitra ho ao amin'ny farany ambany indrindra izy, saingy rehefa tonga ny fotoana hahafatesany, dia hiady mafy tokoa izy amin'izay fotoana izay. Izany no fomba anaovan'ny Devoly an'ilay izy. Ary tahaka an'izany indraindray, ny zazavavy kely tsara tarehy anankiray na zazalahy karilahy, miaraka amin'ny sigara iray fonosana na whisky iray tavoahangy, izay hitarika zazavavy kely anankiray, zanak'ondry anankiray avy ao amin'ny valan'ondrin'olona, ho any amin'ny ratsy. "Oh, tena

tsara izany. Tsy misy na inona na inona amin'io karazana masimasina kely mikasika ny fiangonana io." Saingy avelao anie ny fahafatesana hamely an'io zazalahy antitra io indray andro, handre azy hidridrodridro ianareo, hidradradradra manerana ny faritra rehetra. Ary izany no fomba anaovan'ny Devoly an'ilay izy.

33 Fa tena mora fanahy ny zanak'ondry anankiray, hany ka azo tarihina izy. Ary izany no antony nanehoan'Andriamanitra an'i Kristy ho toy ny Zanak'ondry, ary ny Tenany ho toy ny Voromailala. Ary tamin'ny andro izay nanaovan'i Jaona batisa an'i Jesosy teo amin'ny onin'i Jordana, anankiray amin'ireo trangan-javatra lehibe indrindra izay hany niseho, no niseho mihitsy teo. Mariho hoe mahafinaritra toy ny inona! Ilay Zanak'ondry, ilay malemy fanahy indrindra amin'ny zava-boahary rehetra eto an-tany, sy ilay Voromailala, ilay malemy fanahy indrindra amin'ny voro-manidina eny An-danitra. Ankehitriny, izany no fomba tokana izay nahafahan'izy ireo hiray. Izany no fomba tokana izay hahafahan'ilay Voromailala ho tonga eo amin'ilay Zanak'ondry. Ankehitriny, rehefa nidina ilay Voromailala, dia nahita an'i Jesosy i Jaona, ka hoy izy hoe, "Indro ny Zanak'ondrin'Andriamanitra, izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao." Ary hoy i Jaona hoe, "Izaho manambara fa, nahita ny Fanahin'Andriamanitra tahaka ny Voromailala nidina, ka nitoetra teo Amboniny." Haleloia! Eo ianareo izao. Ilay Voromailala sy ilay Zanak'ondry nikambana. Tamin'izany Andriamanitra sy ny Olona no lasa iray. Tamin'izany no nifanoroka ny Lanitra sy ny tany. Haleloia! Tamin'izany no tonga nofo Andriamanitra, nitondra an'izany, tamin'izany Andriamanitra no nidina tamin'ny endrika Fanahy ka natao ho Olona anankiray ary nonina teo anivontsika. Tamin'izany no nifanoroka ny Mandrakizay rehetra. Tamin'izany no tonga niaraka ilay taranak'olombelona lavo avy tamin'i Adama sy Jehovah Andriamanitra ary ireo anjely rehetra, rehefa natao ho iray Andriamanitra sy ny olona, tao amin'io andro fahatsiarovana lehibe io rehefa nanao batisa an'i Jesosy i Jaona.

Ankehitriny, ahoana moa raha amboadia izy ireo tamin'izany? Ilay fibakobako malefak'ilay Voromailala dia tsy ho afaka nijanona teo akaikin'ilay amboadia mihitsy.

34 Inona no tsara indrindra amin'ny faran'ny hariva anankiray noho ny mandre an'ireo domoina antitra mipetraka eo ka mibakobako vetivety? Taorian'ny namoizako ny vadiko sy ny zanako. . . Tsy tiako hisy hahafantantra izay nataoko. Niakatra tao amin'ilay fiarako tranainy aho fahiny, dia nandeha nanivatsiva ny làlana teto, nandeha tany amin'ny toeram-pandevenana Walnut Ridge eto, nipetraka teo akaikin'ny hazo anankiray tany nijery an'ilay fasana. Tsy

nahafoy an'izy ireo mihitsy aho. Toy ny hoe tsy tantiko intsony ilay izy. Mieritreritra aho, ilay zanako kely, mandry ao, valo volana. Toy ny ahoana no hanatsorany an'ireo tànana keliny fahiny ka nanakatra ahy, ary izaho nitsoka an'ilay trompetra na nilaza zavatra taminy, ary izy nanao hoe "goo-goo," nanatsotra an'ireo tànana keliny. Ary nipetraka teo akaikin'ny hazo anankiray aho, indrindra rehefa manomboka hariva ny andro. Ary nisy voromailala tranainy teo fahiny izay nipetraka tao anaty kirihitra, nanomboka nibakobako izy. Oh, oadray! Nanontany tena aho indray mandeha raha izany no ilay fanahy tsy mety maty an'ilay zanako izay miverina indray mba hiezaka hiresaka amiko. Tsy misy zavatra mamy tahaka ny fibakobakon'ny voromailala. Maha-te-ho tia toy ny inona izy! Milaza vaovao izy. Toy ny inona no hiezahany hanao filaminana! Mifoha aloha aho ny maraina, mandeha ao amin'ilay lobolobo eo akaikin'ny honenako, zavatra milamina toy ny inona ny mihaino an'ilay izy! Mipetraka eo ambonin'ireo hazo lehibe rehetra, mifampibakobako ireo voromailala ireo.

35 Indray andro, tany amin-dry Rahalahy Cox, dia nisy renim-boromailala antitra anankiray nanana zazakely anankiroa. Ary nipetraka teo amin'ny tampon'ilay tranobe mihitsy izy ireo, mba tsy hahatratraran'ny saka azy ireo. Ary namahana azy ireo ilay renim-boromailala antitra. Avy eo dia nidina izy ka naka azy ireo ary nampiakatra azy ireo teo amin'ilay hazo, ary nipetraka teo izy ireo niaraka tamin'ny tendan'izy ireo nifanolankolana, ka nibakobako sy nifankatia, ny tontolo andro, anankiroa kely, zava-boromailala mora fanahy.

36 Dia nieritreritra aho hoe ahoana Andriamanitra, (ny voromailala dia vorona tena maha-te-ho tia anankiray) ary ilay Voromailala, Andriamanitra, izay te-hifankatia amin'ny Olombelony. Tian'Andriamanitra ny ho tiana. Te-ho tia anareo Andriamanitra. "Toy izao no nitiavan'Andriamanitra an'izao tontolo izao, Nomeny ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana Fiainana mandrakizay." Isaorana ny Tompo! Noho izany Andriamanitra, izay te-hitia, Izy dia tsy maintsy zavatra . . . manao zavatra azo tiavina. Tsy maintsy nanao zavatra mora fanahy tahaka ny Tenany Izy. Tsy maintsy nanao zavatra izay azo tiavina Izy. Tsy maintsy nanao zavatra avy tamin'ny Natiorany Manokana.

37 Tsy afaka hitia zavatra izay tsy avy amin'ny natioranareo manokana ianareo. Ny tia dia tsy maintsy miray amin'ny fitiavana. Ny mpivady lahy sy vavy dia tsy maintsy mifankatia, raha te-handresy ny zava-tsarotra izy ireo. Ny fianakaviana dia tsy maintsy mifankatia, raha te-handresy ny zava-tsarotra izy ireo. Zavatra anankiray ho tiavina! Mitady hatraiza hatraiza ianareo, hahitana zazavavy anankiray mba ho vadinareo izay tianareo. Izy mitady, hahitana vady anankiray izay azony tiavina.

38 Andriamanitra dia mitady, miezaka ny hahita fanahy anankiray izay Azony tiavina. Noho izany, dia maneho ny Tenany eto an-tany Izy ho tahaka ny Voromailala iray mora fanahy sy Zanak'ondry iray mora fanahy. Raha naka ny natioran'ny ambodia mitrerona anankiray nandritry ny iray minitra io Zanak'ondry io, dia handray ny Fanidinany eo no ho eo io Voromailala io, handositra izy.

39 Fa ny—ny—ny zanak'ondry, tsy manana fisainana lehibe avy amin'ny azy manokana izy. Ny zanak'ondry iray dia zavatra anankiray, rehefa very izy, dia very tsy manana fanantenana intsony. Ny ondry anankiray dia tsy afaka mahita ny làlany miverina. Izany no antony hitondran'ilay osy azy ho any amin'ny fahafatesany. Tsy afaka mahita ny làlany izy, ny ondry izay very. Izany no antony nampitovian'Andriamanitra antsika amin'ny ondry. Rehefa very isika, dia very isika. Tsy misy fomba hahafahantsika mahita ny tenantsika. Ary fomba tokana ihany no hanaovana an'izany, dia ny, mametraka ny tenantsika eo amin'ilay Mpiandry ny andian'ondry, ary Izy no manao an'ilay fitarihana.

40 Ankehitriny, raha voamariko ity Zanak'ondry sy ondry miaraka ity . . . ny Zanak'ondry sy ny Voromailala, raha ny marina, miaraka, dia lasa anankiray izy ireo. Avy eo dia diniho hoe ahoana no nitarihan'ilay Voromailala an'ilay Zanak'ondry, ilay Zanak'Andriamanitra. Mora fanahy toy ny inona Izy, nahafantatra fa handeha ho any amin'ilay famonoam-biby Izy. Mora fanahy toy ny inona Izy, tsy niezaka mihitsy nanao zavatra avy amin'ny Tenany, tsy niezaka hahavita-tena. Hoy Izy hoe, "Tsy manao na inona na inona aho raha tsy ny Ray no maneho amiko mialoha, ary ny Ray mitoetra ato Amiko."

41 Ankehitriny, zavatra hafa anankiray amin'ny zanak'ondry, ny zanak'ondry dia manaiky hanolotra ny zony. Ankehitriny, tian'Andriamanitra ho zanak'ondry isika, saingy matetika mihitsy isika no tsy te-hanolotra ny zontsika, mamoy ny zontsika. Noho izany dia maro aminareo no manao hoe, "Eny, manana zo aho, Rahalahy Branham." Marina izany, saingy manaiky ny hamoy ny zonareo ve ianareo? Hanaiky ny hanome ny zonareo ve ianareo, mba hahafahan'Andriamanitra hitarika anareo? Izany no olana amin'ny fiangonana ankehitriny, ny ankamaroany, ka ny fahamoram-panahin'ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra . . . Natao ho zanak'ondry isika, nefa isika dia lasa zavatra hafa noho ny zanak'ondry. Ary izany no antony, vantany vao manana an'izany toetra izany isika, dia handray ny Fanidinany ilay Voromailalan'ny Fanahy Masina dia lasa.

42 Raha nanao ny trerona voalohany tahaka ny ambodia anankiray ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra, na nanao

zavatra nifanohitra tamin'izay navelan'ilay Voromailala hatao, dia ho naka ny Fanidinany ilay Voromailala. Ho lasa ao anatin'ny iray minitra Izy.

43 Ary izany no antony mampanotany tena antsika ankehitriny hoe, "Inona ny manjo an'ilay fiangonana Pentekotista?" Izany dia satria naka natiora hafa isika. Naka natiora hafa isika dia ny hoe, "Mila ny zonay izahay. Izahay dia hanao ny zavatra izay fantatray fa marina ny fanaovana azy." Lasa masiaka isika. Lasa mankahala isika. Lasa mihafahafa isika. Mamela ny fahatezerana hiditra isika. Mamela ny fitiavan-tena hiditra isika.

44 Ny zanak'ondry, rehefa tonga ny fotoana . . . Izy no tompon'ny volony manokana, izany no zony. Izy no tompon'ny volony, saingy alain'izy ireo ilay zanak'ondry dia apetrany eo amin'ireo hazo fikapana izy, ary fatorany ny tongony. Tsy mandaka mihitsy izy, tsy mitaraina mihitsy izy. Esorinareo aminy avy hatrany fotsiny ny zony, satria zanak'ondry anankiray izy. Tsy afaka manao na inona na inona izy, satria izany no natiorany. Fa mitsivalàna indray mandeha anie eo amin'ny làlan'ny Kristiana anankiray, dia ho hitanareo na zanak'ondry anankiray izy na osy anankiray. Ho hitanareo ny maha-izy azy, itsivalano indray mandeha anie izy. Ary izany no antony amin'izao fotoana izao mahatonga an'ireo fiangonantsika ao amin'ny toerana misy azy izao.

45 Manao ny tenantsika ho zanak'ondrin'Andriamanitra isika. Ny vehivavy sy ny lehilahy, miaraka, dia manao ny zavatra rehetra afa-tsy ny ho zanak'ondrin'Andriamanitra. Jereonareo izy ireo mandeha eny an-dàlambe, miaraka amin'ny sorta, volo tapaka, fiolikolehana eo amin'ny volony rehetra. Nefa taona vitsy lasa izay, dia ianareo no miantso . . . ianareo, izy ireo . . . tsy vitanareo ny hanakarama azy ireo hanao an'izany. Ary avy eo dia manontany tena ianareo hoe nahoana ity fiangonana ity no eo amin'ilay toerana misy azy. Satria naka ny natioran'ny ambodia anankiray ianareo na osy anankiray, raha tokony hihazona an'ilay fahalemen'ny famoram-panahy. Dia hoy ianareo hoe, "Zoko manokana izany, Rahalahy Branham." Fantatro fa zonareo manokana izany. "Manety volo ny mpanety. Ary raha mbola hanety volo foana ny mpanety, dia tsy manana zo ve aho?" Marina izany, zo manokana anareo Amerikana izany. Saingy manaiky ny hamoy an'izany ve ianareo, mba ho zanak'ondry anankiray? Manaiky ny hanolotra ny tenanareo ve ianareo?

46 Ary ianareo vehivavy, vao tsy ela akory izay, nandeha teny an-dàlambe ianareo . . . Mahatsikaiky ny mahita ny fomba fitafin'ny vehivavy amin'izao andro izao. Ary tsy miresaka ny amin'ny Presbyterana sy Metodista aho, ianareo vehivavin'ny fahamasinana no resahako. Mandeha eny an-dàlambe, ary izany dia . . .

47 Nanana hazo fijaliana kely anankiray aho mihantona eo aloha amin'ny fiarako, ary nisy olona nilaza tamiko, nanao hoe, "Billy, fantatrao ve fa mari-pamantarana Katolika anankiray io?"

48 Hoy aho hoe, "Oviana ireo Katolika no mba nifidy ny hazo fijaliana?" Tsy mbola mihitsy! Tsy mari-pamantaran'ny finoana Katolika io; mari-pamantaran'ny finoana Kristiana io. Ny finoana Katolika dia olo-masina kely efa maty anankiray, i Maria na—na olona maty anankiray izay ivavahan'izy ireo. Isika tsy mivavaka amin'ny olona maty. Isika tsy mivavaka amin'i Masimbavy Cecilia sy ireo olo-masina samihafa. Izany no Katolisisma, izay endrika ambony momba ny fanahy. Fa ny hazo fijaliana kosa dia maneho Azy Izay maty ary nitsangana indray.

49 Dia hoy aho hoe, "Ataoko eo io, rehefa mijery ny eny an-dàlambe. Dimy amby roapolo taona lasa izay, na telopolo, rehefa saika jamba aho, dia nampanantena an'Andriamanitra aho fa raha hanasitrana ny masoko Izy dia hijery ny zavatra tsara aho." Ary hoy aho hoe, "Any amin'izay rehetra jerenareo, dia tena zava-dratsy avokoa, vehivavy mitafy tapaka, sy vehivavy mitanjaka mandry eny an-tokotany ary na aiza na aiza. Mijery an'ilay hazo fijaliana aho raha tokony hijery an'izany, dia mahatsiaro an'izay nataon'i Kristy ho ahy, ary manodina ny lohako amin'ilay zavatra . . . izay avy amin'ny Devoly." Haleloia!

50 Ary izany dia ireo olona . . . Aza miteny hoe izany dia ny "Presbyterana, Katolika," Pentekotista izany! Amena. Hoy ianareo hoe, "Manana zo amin'izany aho, Rahalahy Branham." Marina izany, saingy raha zanak'ondry anankiray ianareo, dia hahafoy ny zonareo. Ary rehefa manao fihetsika tahaka an'izany ianareo, ny Fanahy Masina, ilay Voromailala mora fanahy, dia handray ny Fanidinany avy hatrany. Tsy hitafy henatra miaraka aminareo Izy. Tsia, tsia, tsia. Aza mieritreritra mihitsy ianareo hoe hanao fihetsika toy izany ianareo ka hihazona ny Fanahy Masina. Tsy vitanareo izany! Ny Baiboly no niteny an'izany. Tsy maintsy afoinareo ny . . . Eny, hoy ianareo, "Ny vehivavy sisa rehetra manao an'ilay izy."

51 Ary ianareo lehilahy, ianareo mampalahelo, kely, tsy misy taolana, zavatra sarim-bavy, ianareo, izay namela ny vadinareo hanao zavatra tahaka an'izany, izany no maneho hoe inona no nanaovana anareo. Izany no antony tsy anananareo ny Fanahy Masina tahaka ny ilazanareo fa anananareo, raha tsy izany dia tokony hanana Zavatra mikasika anareo ianareo ampy hanao azy hihetsika toy ny ramatoa anankiray raha mbola miaina miaraka aminareo foana izy, na izany aza. Amena. Toa ohatry ny efa fanao tranainy izany, mandratra. Saingy ny ilain'ny fiangonana amin'izao andro izao, dia fanao tranainy anankiray, Fanahy Masina manasa, sy manantona ary manamaina, ary mipasoka, amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina. Azo antoka!

52 Inona no toerana misy an'izao tontolo izao! Ahoana no fivoahan'izy ireo eny an-dàlambe sy manohy! Ahoana no handraiketanareo ny lohanareo eo amin'ny televiziona ny Alarobia hariva, fa tsy mandeha any am-piangonana! Ahoana ianareo. . . Nahoana, fa tsy misy ankizy anankiray eto amin'ny firenena. . . izay tsy mahafantatra tanteraka mikasika ny hoe iza moa i David Crockett. Ary ilay lainga maloto, milaza fa izy dia nahafaty bera anankiray teo amin'ny faha-telo taonany, fantatrareo fa lainga izany, saingy avelanareo hameno ny lohany amin'izany karazan-javatra izany ireo ankizinareo. Nefa tsy misy iray isan-jato amin'ny zato akory no mba mahafantatra zavatra mikasika an'i Jesosy Kristy. Satria lasa tena simba loatra ity izao tontolo izao ity! Ity firenena ity, izay mahatsikaiky loatra sady lavitra loatra an'Andriamanitra, dia nandà ny Fanahy Masina.

53 Oh, hoy ianareo hoe, "Mandeha any am-piangonana aho ary mihiakiaka." Mety manao an'izany ianareo. Saingy, mandra-pahatongan'io Zanak'ondrin'Andriamanitra mora fanahy io ho tafatoetra ao am-ponareo, ka manadio ny fiainanareo ary manao anareo hihetsika toy ny olona hafa anankiray, dia tsy hahasoa anareo ny haka tahaka ny Kristianisma. Tsy maintsy manana Azy ianareo. Amena.

54 Niditra tao amin'ny trano anankiray teto aho vao tsy ela, namangy olona marary anankiray, ary nisy ramatoa anankiray nandry, nipetraka teo. Ary niditra ny Oswald kely anankiray, ny satrony nipetraka teo amin'ny ilan'ny lohany, nanao hoe, "Mama, vonona ve ny sakafo hariva?"

55 Hoy izy hoe, "Malala, tsy nanam-potoana izahay," hoy izy, "izao maraina izao, mba hanaovana sakafo hariva." Hoy izy, "Hanamboatra mofo misy hena ho anao aho," hoy izy, "misy voasary vitsivitsy ao."

56 Nandroso izy ary naka voasary anankiray, nojereny ilay izy, nokaikeriny ilay izy, natsipiny teny amin'ny rindrina mafy arak'izay tratrany, nijininika ilay ranony, hoy izy, "Raha izay ihany no anananao manerana an'ity toerana ity, dia hivoaka aho," tahaka an'izany.

57 Nieritreritra aho hoe, "O Andriamanitra, tokony ho ahy izy mandritry ny dimy minitra eo ho eo!" Ry tovolahy, ho tsongoiko ny hodiny tahaka an'izay tsy mbola nanongoina azy hatramin'izay mihitsy! Fa nandry teo izy ireo, onena sy nanambitamby. Ny ilainy dia ratsan-kazo voavaofy tsara tamin'ny fanao tranainy anankiray. Izany no ilaintsika, tokan-trano tamin'ny fanao tranainy indray, sy mpitoriteny izay hitsangana ao ambadiky ny polipitra ka hitory ny Fahamarinana, ary mametraka an'Izany eo amin'izay tokony Handriany. Amena. Marina izany. Oh, oadray!

58 Manajadona ny tongony i Marie kely, ka mampiakatra an'ilay orony kely ary manodikodina an'ireo molony kely

voaloko mavokely (avy amin'ireo vokatr'i Max Factor) any amin'ny rivotra, milanja ny lohany dia mivoaka ny trano. Henatra toy ny inona! Ankizy tsy mankato toy ny inona izy ireo! Ny Baiboly no nilaza fa ho toy izany izy ireo. Ny Soratra dia nilaza fa ho toy izany izy ireo. Ahoana no fihetsik'izy ireo, ahoana no hataon'izy ireo, ary ireo zavatra izay hiseho eto amin'izao tontolo izao amin'izao andro izao, satria nampalahelo ny Fanahy Masina izy ireo.

59 Taona vitsy lasa izay. Handeha aho ankehitriny, afaka andro vitsy, hankalaza ny nirotsahan'ny Fanahy Masina voalohany tao Amerika, dimampolo taona lasa izay, tao amin'ny fivoriana tao Azusa Street fahiny, fivoriana pentekotista tao Los Angeles, izay nahazoan'izy ireo ny firotsahan'ny Fanahy Masina voalohany, rehefa niangona niaraka ny olona. Rehefa nidina teo anivon'ireo olona ireo Kristy, dia mora fanahy izy ireo, tena nilamina mihitsy. Niaina tamin'ny fiainana masina izy ireo. Niaina tamin'ny fiainam-panoloran-tena izy ireo. Nanaiky ny hahafoy izy ireo. Nanaiky ny ho tarihin'ny Fanahy Masina izy ireo. Tsy nahoan'izy ireo izay nolazain'ny olona, nanao ny "fanao tranainy" izy ireo, na dia nolazain'izy ireo fa hoe "adala" aza izy ireo na inona koa izany, dia nanaiky ny ho tarihin'ny Fanahy Masina izy ireo.

60 Saingy, amin'izao andro izao, oh, oadray, miaraka amin'ny boaty misy karazana vovoka sy fandokoan-tarehy, sy sorta anankiroa, ary mivoaka eny an-dàlambe, nahoana, henatra anankiray izany! Nefa miantso ny tenany hoe, "miaraka amin'ny Fanahy Masina." Oh, hoy ianareo hoe, "Fa niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho." Eny, fa ny Devoly dia miteny, ihany koa. "Oh, nihiakiaka aho." Fa ny Devoly dia mihiakiaka, ihany koa. Ny Devoly dia afaka maka tahaka ny zavatra rehetra ananan'Andriamanitra, afa-tsy ny fitiavana, fa tsy afaka maka tahaka ny fitiavana izy. Hia.

61 Noho izany, ny zavatra voalohany fantatrareo, rehefa nanomboka nanao an'ireo zavatra ireo ianareo, dia mamela an'ireo sakana hilatsaka ianareo, manomboka manao marimaritra iraisana ianareo, avy eo dia manomboka manao fitsitokotokoana kely ilay fiangonana, fizarazarana eo anivon'izy ireo, ary ity anankiray ity nanao hoe, "Fantatrao, ilay pasitera dia *izao-sy-izao*," na "ilay diakona dia *izao-sy-izao*." Ary, ny zavatra fantatrareo voalohany, dia nihaino an'izany ianareo! Ary izany no antony nananantsika olana betsaka loatra, satria nanomboka nihaino an'ilay Devoly ianareo, ary lasa trerona anankiray raha tokony ho Voromailala mora fanahy, ilay Fanahy Masina, ilay Voromailalan'Andriamanitra izay te-hitarika anareo sy hitari-dàlana anareo, hitia anareo sy hitahy anareo.

62 Ny fotoana voalohany hanehoanareo ny anankiray amin'ireny làlan-kelin'ny fahatezerana ireny, dia hanidina avy hatrany ilay Voromailala. Marina izany. Tsy mahatanty

an'izany Izy. Hafa ny natiorany. Oh, tsy mahatanty an'izany mihitsy Izy. Ary raha vao mandeha miresaka momba ny mpiara-monina aminareo ianareo, dia tsy mahatanty an'izany Izy, tsy mandefitra amin'izany Izy. Mandray ny Fanidinany fotsiny Izy dia manalavitra. Tsy mahatanty ela an'izany mihitsy Izy. Ny Voromailala dia mora fanahy. Ny Voromailala dia malemy fanahy, ary ny Voromailala, ary—ary Izy tsy afaka mijanona eo ambonin'inona na inona raha tsy natiora mitovy karazana ilay izy.

63 Ankehitriny, Andriamanitra dia afaka manao anareo ho natiora hafa anankiray, lehilahy na vehivavy, afaka manome anareo natiora hafa anankiray Izy. Dia hoy ianareo hoe, "Eny, Rahalahy Branham, inona no azonay atao amin'izany?" Meteza fotsiny ho lasa zanak'ondry iray indray. Biby anankiroa irery ihany no hiaraka, izany dia ny vormailala sy ny zanak'ondry. Ny voromailala dia tsy ho tonga eo amin'ny zavatra hafa afa-tsy zanak'ondry anankiray. Ary raha lasa osy anankiray ianareo, dia esory aminareo io fanahin'osy tranainy io. Marina izany. Raha lasa zavatra hafa ianareo, esory hiala aminareo izany, raha manomboka ho lasa mpifosa ianareo.

64 Indray mandeha teto, nitory teny mafy arak'izay azoko nitoriana aho tao amin'ny tanàna iray, ary nisy olona an'arivony tamin'izany. Nanao antso teny amin'ny alitara aho. Nihevitra aho fa nahafoaka ny sokajim-pahotana manontolo aho, nahafoaka ny zavatra rehetra izay azoko noheverina aho. Io hariva io taorian'ny nifaranan'ny fivoriana, dia nandalo ny vehivavy kely anankiray tena maotina, hoy izy hoe, "Eny, Ranadahy Branham, tena azoko antoka fa faly aho fa tsy nikasika ahy ianao androany hariva."

Nieritreritra aho hoe, "Mety tena ho Kristiana anankiray mihitsy io." Hoy izy, "Tsy nikasika ahy ianao androany hariva."

65 Hoy aho hoe, "Eny, tena faly tokoa aho mandre an'izany, ramatoa, mety tena efa eo akaikin'ny Fanjakan'Andriamanitra mihitsy ianao." Dia lasa izy nitsingitsingina.

66 Nisy vehivavy efa somary zokiny nitsangana teo. Hoy aho hoe, "Hono ho'aho, fantatrao ve iny vehivavy iny?"

"Eny."

Hoy aho hoe, "Mety tena Kristiana anankiray mihitsy izy."

67 Hoy izy hoe, "Nisy zavatra anankiray adinonao ny nikapoka azy androany hariva, Ranadahy Branham, dia ny fifosana izany. Izy no sefon'ny mpifosa indrindra eto amin'ny firenena." Eo ianareo izao, izay ilay izy, hitanareo.

68 Fa rehefa tonga eo amin'ny anankiray amin'ireny zavatra ireny ianareo, tsy mampaninona na kapohan'ilay mpitory teny eny amin'ny polipitra ilay izy na tsia, rehefa mahita an'ireny zavatra ara-nofon'izao tontolo izao ireny

ianareo, raha mbola mandefitra amin'ireny foana ianareo, dia lavitra an'Andriamanitra ianareo, ary hijanona lavitra ilay Fanahy Masina. Izany no anton'ny mahatonga an'ireo fivoriana tsy tahaka azy teo aloha intsony. Izany no antony mahatonga an'ilay làlan-kely feno taim-bakona tsy ampiasaina izao maraina izao eto amin'ny tabernakla. Izany no antony tsy hisian'ny fivoriana anaty trano-lay lehibe eto amin'ny firenena, satria nampalahelo an'ilay Voromailalan'Andriamanitra mora fanahy isika. Marina izany. Tsy hijanona miaraka amintsika Izy raha mbola tena mihafahafa foana isika, raha mbola mpanao an-dolom-po foana isika, "Ny fombanay ihany no ataonay!"

69 Ankehitriny, tiako ianareo hanamarika, ilay Zanak'ondry dia Zanak'ondry mangina anankiray. Hoy ny Baiboly hoe, "Tsy nanokatra ny Vavany Izy. Tahaka ny ondry anoloan'ny mpanety, moana Izy." Tsy nanokatra ny vavany Izy. Tsy olona anankiray izay mila ny zony Izy. Tsia, tompoko, nanaiky ny hamoy ny Zony Izy. Zanak'ondry nangina Izy.

70 Fa, amin'izao andro izao, oh, oadray, toy ny inona no itiavantsika an'ilay fahasamihafantsika! Oh, oadray! "Lazaiko anao, avelao fotsiny hisy olona hiteny amiko zavatra anankiray, ho avy aho ary ho azoko izy, ry tovolahy, ho potehiko izy." "Hiteny an'io mpihatsaravelatsihy io aho rehefa hitako izy! Andrasonao fotsiny mandra-pahitako azy! Isaorana Andriamanitra, haleloia! Ah-hah!" Maka ny Fanidinany fotsiny ilay Voromailala dia lasa lavitra. Marina izany. Tsy hiaraka aminareo intsony ilay Fanahy Masina, raha mbola manana an'izany fomba izany foana ianareo. Mariho ao amin'ny bokinareo mihitsy izany, tsy hanao an'izany mihitsy Izy. Ny Fanahy Masina dia tsy hijanona eo amin'izay misy an'izany karazana fanahy izany. Tsy maintsy ho fanahin'ny zanak'ondry anankiray ilay izy, fanahy mora, raha tsy izany dia tsy hijanona miaraka amin'izany mihitsy Izy, izay ihany ny amin'io; raha tsy mora fanahy, malemy fanahy, tarihin'ny Fanahy Masina. Ary raha misy zavatra miseho, dia tsy hanamarika an'izany akory aza Izy, manohy fotsiny. Hitanareo? Ary amin'ny minitra iray hitodihana miala amin'izany, fantatrareo, izany no tena . . . rehefa mihodina miala ianareo.

71 Fantatrareo, ny fahotana voalohany dia nanomboka tamin'ny olona anankiray nihodina niala nandritry ny iray minitra fotsiny. Efa fantatrareo ve izany? Ny Baiboly no niteny an'izany. Nihodina niala vetivety fotsiny i Eva, mba handre an'izay ho lazain'i Satana, ary nandoko sary anankiray tena tsara tarehy taminy hany ka nihevitra tokoa izy fa izany no Fahamarinana. Dia nihaino azy izy.

72 Ny zavatra tokana tian'ny Devoly hataonareo, dia ny mihodina miala mandritry ny minitra vitsy fotsiny. Afaka mandoko an'ilay sary izy, manao hoe, "Ankehitriny, jereo aty.

Fantatrao, rahalahy, fantatrao, ranabavy, raha karazan'olona mahitsy izy ireo, dia tsy hanao an'*ity* izy ireo. Raha nanao an'*ity* fotsiny izy ireo teto, fantatrao." Afaka manao an'ilay izy ho tena misy tokoa aminareo izy hany ka lasa tena fahamarinana ilay izy. Marina izany! Saingy tsarovy, ny Devoly izany!

73 Tsy ahoako na ambany toy ny inona aza izy ireo, na hatraiza no nijanonan'izy ireo tao anatin'ny fahotana, dia adidinareo ny mametraka ny sandrinareo manodidina azy ireny ka manangana azy ireny amin'ny alàlan'ny fitiavan'Andriamanitra. Taiza moa ianareo raha namoaka anareo avy tao amin'ny tanimanga mandrevo ilay Voromailalan'Andriamanitra? Adidinareo izany, ry sakaizako. Ity izao tontolo izao ity dia miha-maty noho ny tsy fisian'ny fitiavana kely. Ny . . .

74 Tiako ianareo hanamarika an'ity biby ity, ihany koa, ity biby kely ity, zanak'ondry nangina izy satria izy tsy . . . rehefa nompaina Izy, tsy namerina nanompa Izy. Tsy nandevilevy sy nikorontana Izy, sy nifamaly sy niahiahy ary nanohy, tsy nanao an'izany Izy. Rehefa ny olona . . . Rehefa nompaina Izy, tsy namerina nanompa Izy. Tsy nanokatra ny Vavany Izy.

75 Fa avelao anie ny olona anankiray hanao zavatra aminareo na amiko, oh, oadray, mipoaka tahaka ny sahobakaka anankiray nihinana balam-borona isika, mibontsina tahaka ny—tahaka ny gisa antitra anankiray. "Ho lazaiko anao izao ankehitriny izao, nanitsaka ny rantsan-tongotro tahaka an'izany indray izy, tsy hiverina ao amin'io fiangonana tranainy io intsony mihitsy aho. Tsia, tompoko! Isaorana Andriamanitra! Haleloia! Handray ahy ireo Nazariana, ireo Mpivahiny Masina, ho raisin'izy ireo aho. Haleloia. Tsy mila manao an'ilay izy intsony aho." Eny àry, mandray ny Fanidinany ilay Voromailala.

76 "Mba fantatrao moa? Raha mandeha any amin'io fiangonana io ilay mpihatsaravelatsihy antitra io, dia tsy handeha intsony mihitsy aho. Isaorana Andriamanitra, tsy hanao an'izany intsony mihitsy aho!" Rehefa izany zavatra izany no mahavoa anareo, ilay ambodia mitrerona, dia maka ny Fanidinany ilay Voromailala. Marina. Amin'izay fotoana izay dia lasa ilay Fanahy Masina.

77 Avy eo ianareo dia manontany tena hoe inona ny manjo anareo. Manontany tena ianareo hoe inona no manjo an'ilay fiangonana. Manontany tena ianareo hoe inona no manjo anareo. Nahoana ianareo no tsy mahazo fandresena tahaka ny nanananareo fahiny? Nanova ny natioranareo ianareo. Lasa osy anankiray ianareo raha tokony ho zanak'ondry anankiray. Lasa zavatra anankiray ankoatry ny zanak'ondry anankiray ianareo.

78 Mila mahazo an'io tena Fanahy malemy io ianareo, "Aoka ny Fanahy Masina no hitarika na aiza na aiza. Andriamanitra, tiako ny mpanota rehetra, tsy mampaninona izay misy azy ireo." Raha izany karazana toerana izany no mipetraka ao amin'ny fon'olombelona, amin'izay fotoana izay dia hahita zavatra hitranga ianareo, ny fanahinareo.

79 Hoy ianareo hoe, "Eny, Rahalahy Branham, misy vahaolana ve ho an'izany?" Eny, meteza ho zanak'ondry anankiray fotsiny, izay ihany. Hoy ianareo hoe, "Eny, Rahalahy Branham!"

80 Nihaona tamin'ny ramatoa tanora anankiray aho indray hariva, tany Shreveport. Nandeha tany amin'ny toerana anankiray i Billy sy izaho mba hihinana mofo misy hena rehefa nifarana ny fivoriana. Vehivavy tanora tsara tarehy anankiray no tonga teo, tovovavy anankiray angamba, na angamba roapolo taona na zavatra tahaka an'izany, niakanjo tsara. Nipetraka izy. Voamariko fa nijery naharitra ny taty am-pitan'ilay làlana izy. Nitohy nihinana fotsiny aho. Minitra vitsy avy eo dia niditra ny ramatoa anankiray. Hoy izy hoe, "Manao ahoana ianao?" Niresaka taminy aho. Ary fantatro fa ilay ramatoa dia Ranabavy Davis izay any. Ary izy sy ramatoa anankiray avy ao amin'ny Life Tabernacle, fantatro tsara izy ireo, nanatona sy niresaka tamiko izy, dia nandeha. Avy eo ilay ramatoa tanora izay nipetraka tery am-pita, hoy izy hoe, "Ranadahy Branham, Hafatra tsara anankiray ilay androany hariva."

81 Hoy aho hoe, "Manao ahoana ianao, ranabavy?" Hoy aho hoe, "Misaotra anao, betsaka." Dia hoy aho hoe, "Mpikamban'ny Life Tabernacle ve ianao?"

82 Hoy izy hoe, "Izy aho." Hoy izy hoe, "Fantatrao, Ranadahy Branham, afaka nihira tao amin'ilay antoko mpihira aho, saingy mametraka fepetra izy ireo any." Hoy izy hoe, "Izaho efa nahavita, oh, fanofanana feo an-taonany maro, sy ny sisa." Hoy izy, "Nihira nitokana aho ary nihira zavatra maro." Hoy izy, "Saingy, izaho—izaho tsy afaka nihira, satria izy ireo dia manana—izy ireo dia manana fepetra anankiray hoe 'tsy misy vehivavy mandoko tarehy mahazo mihira—mihira ao amin'ilay antoko mpihira.'"

Hoy aho hoe, "Eny, deraina Andriamanitra ho an'ny Life Tabernacle!"

83 Hoy izy hoe, "Eny, lazaiko anao, Ranadahy Branham," hoy izy hoe, "Izaho dia Kristiana anankiray."

84 Hoy aho hoe, "Noho izany, ranabavy, mandehana mody dia sasao ny tarehinao, na izay hataonao." Hoy aho hoe, "Ny tianao ho lazaina amiko ve dia hoe havelanao ho zavatra kely ny mitondra zavatra kely avy amin'io karazan-javatra antitra io eo amin'ny tarehinao . . ."

85 Fa azoko porofoina aminareo fa avy amin'ny Devoly izany. Azoko porofoina aminareo fa tsy misy na inona na inona ao amin'ny. . . Ny niandohan'izany dia fanompoan-tsampy. Ary raha mbola mitondra an'ireny foana ianareo, dia izany no mariky ny fanompoan-tsampy anankiray. Ankehitriny, vao avy any Afrika aho, ary tany amin'ireo alan'ny Hottentot aho ka nahita hoe avy aiza ireo kavina, avy aiza izany karazan-javatra rehetra izany, sy io rehetra io, firavaka be dia be manarona ny tendanareo sy ny sofinareo sy ny sisa, avy aiza izany. Ireo mpanompo sampy izany. Ary ny Baiboly tsy mila Kristiana anankiray ho lasa mpanompo sampy. Ary ianareo tsy mila. . . Tsy milaza aho hoe mpanompo sampy ianareo satria manao an'ilay izy, fa ianareo no manao ny tenanareo tahaka ny anankiray aminy. Izany dia satria ny pasiteranareo no tsy miteny aminareo ny Fahamarinana. Ny Baiboly no niteny an'izany.

86 Ary ankehitriny hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, heveriko fa raha manana volo fohy aho, dia hampangatsiatsiaka ahy izany sy ny sisa toy izany." Marina izany, saingy raha manana volo lava ianareo dia mbola hangatsiatsiaka kokoa. Hampahalalaka ny tendanareo manontolo izany, ary hakaro dia ho tsara izany.

87 Nahoana, fantatrareo ve izay nolazain'ny Baiboly? Fa, ny lehilahy anankiray dia manana zo handroaka ny vadiny sy hisaraka aminy raha manapaka ny volony izy. Raha manapaka ny volony izy, dia izany no maneho fa miaina tsy am-pahamarinana aminy izy. Ny Baiboly no niteny an'izany, Korintiana Voalohany 12, tadiavo raha tsy marina Izany. Izy izay. . . Ny vehivavy anankiray izay manapaka ny volony dia mahafa-boninahitra ny lohany, dia ny vadiny izany. Ary raha tsy manome voninahitra izy, dia tokony hisarahana izy ka hialana lavitra. Marina izany. Saingy, jereo, tsy miteny aminareo an'ireo zavatra ireo mihitsy ilay pasitera. Ary izany no antony anaovanareo ny fomba izay ataonareo. Ary—ary ny lehilahy, ny Baiboly no nilaza. . .

88 Teto vao tsy ela akory izay dia nisy olona nanoratra ka nanao hoe, "Ranadahy Branham, ny—ireo blozy izay anaovan'ny vehivavy," hoy izy, "nahoana, izany dia tena. . . tena sarotra ho anao mihitsy ny mbola hahita blozy, ka mety tsara ho anay vehivavy Kristiana ve ny manao an'ireo dacrons, nylons, na izay mitovy amin'izany?"

89 Hoy aho hoe, "Jereo, ranabavy, misy zavatra anankiray mikasika an'izany. Izao no zavatra anankiray marina. Azonareo atao izao: raha tsy afaka mividy anankiray ianareo, dia mbola mivarotra milina fanjairana izy ireo, afaka manjaitra anankiray ianareo." Hoy aho hoe, "Marina izany. Mba hanao an'ilay izy fotsiny tahaka. . . " Mino

aho. . . Fantatrareo, izay ao am-ponareo no maneho ny tenany. Ny fomba izay ataonareo sy ny fomba izay hihetsehanareo, izany no maneho izay ao anatinareo.

90 Izany no anton'io fitreronana sy fifamaliana sy lolom-po, sy—sy fifandrafiana, ary zava-dratsy rehetra eto io ao amin'ny fiangonana, izany no mampisaraka ny fiangonana. Izany no maneho fa nidiran'ny Devoly ianareo, ary izany no maneho fa niala taminareo ny Fanahy Masina. Ankehitriny, fantatro fa mandoro ny godorao ao avy ao amin'ny sasany aminareo izany, saingy tsy maintsy manao an'izany ilay izy. Tsy maintsy izany! Izany no nitenenana an'ilay izy; tsy ny ho lasa mahay, tsy ny hiseho ho kinga saina; fa hiteny aminareo hoe aiza ilay olanareo, satria indray andro any aho dia tsy maintsy hitsangana ka hanome valiny ny aminareo. Ary ny tena anton'ilay fomba ataonareo sy ny fomba hihetsehanareo, dia izany no maneho hoe iza ianareo. Raha manana hatezerana antitra kely anankiray fotsiny ianareo izay hisidina hiala amin'ny tranony kely fotsiny, ka mivoaka eto ary misavoritaka, na mitsikera, na tsi-fahaiza-miaina sy ny karazan-javatra tahaka an'izany, dia izany no maneho hoe avy aiza ilay izy.

91 Ankehitriny zavatra anankiray ihany no hatao, esory miala ao izany zavatra izany, dia hiverina ao am-ponareo ilay Voromailala. Rehefa nivoaka avy tao amin'ny sambo-fiara ilay voromailala, dia navoaka izy. Saingy niverina izy ary nandondona teo amin'ilay varavaran'ny sambo-fiara mandra-pamelàn'i Noa azy hiditra. Eto ny Fanahy Masina. Te-hiditra ny Fanahy Masina. Izany no antony amin'izao andro izao, ilay Fanahy Masina, tsy nandao anareo mandrakizay Izy. Mipetraka fotsiny eny amin'ny ravin-kazo any ho any Izy, vonona ny hampanidina ny Tenany indray ka hiditra ao aminareo, sy hanome anareo fitiavana sy fiadanana sy fifaliana tahaka ny nanananareo taloha. Azo antoka, vonona Izy. Vonona ny hanao an'izany Izy. Te-hanao an'izany Izy. Maniry hanao an'izany Izy. Saingy ianareo no tsy hamela Azy hanao an'izany!

92 Ankehitriny, tsy miresaka aminareo vahiny aho. Tsy fantatro izay pasiteranareo. . . Miresaka amin'ny Branham Tabernacle aho. Tsy miresaka aminareo olona avy any amin'ny fiangonana hafa aho. Miresaka amin'ny Branham Tabernacle aho. Izany no manjo eto.

93 Izany no manao an'ilay Voromailala handray ny Fanidinany. Avelao fotsiny anie ny olona anankiray hanomboka zavatra anankiray fotsiny ato amin'ny fiangonana, fa ny zavatra voalohany, "Oh, tahaka an'izany ve ilay izy? Oh, tsy. . . ? Tsy tahaka an'izany ve no tianao ho lazaina?" Amin'izay fotoana izay mihitsy dia lasa ny Fanahy Masina,

manidina lavitra. Tsy mahatanty an'izany karazana fanahy izany mihitsy Izy. Raha mbola mandao anareo foana ilay natioran-janak'ondry, amin'izay fotoana izany dia lasa ilay Fanahy Masina. Marina izany. Ary izany no manjo amin'izao andro izao. Izany no antony mahatonga ny olona ao amin'ny toerana misy azy, satria navelan'izy ireo ilay fanahy ratsy hiditra tao am-pony, tao amin'ny fiainany. Ankehitriny izany no antony ananantsika . . .

94 Ny Baiboly no nilaza fa izany no antony mampisy marary marobe sy ory eo anivontsika, dia noho ireo zavatra tahaka an'izany. Tsy maintsy mora fanahy isika. Tsy maintsy milamina isika. Tsy maintsy zanak'ondry anankiray isika, mba hahafahan'ilay Voromailala mitoetra miaraka amintsika.

95 Ankehitriny, tsarovy, ho avy ilay Voromailala. Hoy izy hoe, "Oh, Rahalahy Branham, aza miteny amiko hoe tsy mbola naharay ny Fanahy Masina mihitsy aho. Haleloia! Tany, indray hariva tany, oh, rehefa tonga Izy, afaka nandeha mihitsy aho . . ." Azo antoka, Izy izany! "Oh, nahatsapa ho tsara mihitsy aho, tsapako ho toy ny naka ny vorona kely rehetra teny amin'ny hazo aho ka namihina azy ary nitia azy. Ilay olona ratsy fanahy indrindra tamiko izay nanao ny zavatra rehetra tamiko, tsapako ho toy ny nametraka ny sandriko nanodidina azy ireo aho ary namihina azy ireo. Oh, Rahalahy Branham, toy ny inona no tsapako!" Azo antoka, ilay Fanahy Masina izany.

96 Saingy, hitanareo, ilay antony tsy Nahafahany nitoetra. Zanak'ondry ianareo tamin'izany; saingy rehefa lasa ambodia anankiray ianareo, dia tsy maintsy nandray ny Fanidinany Izy. Tsy misy na inona na inona ratsy amin'ilay—amin'ilay—amin'ilay Voromailala; fa ianareo izany, sy ny . . .navelanareo ho tonga teo aminareo ilay fanahy ratsy. "Navelako ve ilay izy, Rahalahy Branham?" Eny, rehefa nandeha nihaino an'ilay fifosana ianareo, rehefa nihaino an'ilay lainga ianareo, rehefa nandeha ianareo ka niteny hoe, "Eny, manana zo amin'izany aho!"

97 Tsy manana zo ianareo! Novidiana tamin'ny vidiny anankiray ianareo, izany dia ny vidin'ny Rà sarobidin'ilay Zanak'Andriamanitra. Tsy manana zo ara-dalàna ianareo. Haleloia! Ny zo tokana anananareo, dia, ny tonga eo amin'ilay Loharano feno Rà notarihina avy tao amin'ny Làlan-dràn'Imanoela, rehefa mitsoboka ao amin'ilay riaka ireo mpanota, dia very ireo pentipentin'otany rehetra. Eny, tompoko. Izany no zo tokana anananareo, dia fahafoizana ny sitrapon'ny tena, amin'Andriamanitra, ary avy eo Andriamanitra dia hanao ny fitarihana manomboka eo. Izany no mahatonga an'ireo fivoriana . . .Izany no mahatonga zavatra hafahafa betsaka. Handeha any amin'ny toerana

anankiray ilay Fanahy Masina, hoy ny Fanahy Masina hoe, "Tsy mety izao. Ajanony ny fivoriana, mandehana lavidavitra kokoa." Izaho dia hanajanona an'izany, ihany koa, rahalahy, ary mandeha avy hatrany. Marina izany, satria tsy maintsy tarihin'ny Fanahin'Andriamanitra ianareo. Ary ny fomba tokana haha-voatariky ny Fanahin'Andriamanitra, dia ny mijanona ho mora fanahy, fa tsy ny mahafantatra zavatra betsaka.

98 "Oh," mieritreritra ianareo, "Mahafantatra zavatra betsaka aho." Hia, mampiasa ny ati-dohanareo rehetra ianareo ka tsy afaka miasa irery intsony aza ilay izy. Hainareo daholo ny boky rehetra sy ny valiny rehetra, sy ny Grika rehetra ary ny Hebreo rehetra, ka tsy manana toerana hiantonana intsony ilay Voromailala. Marina izany. Fa hainareo izany rehetra izany, avy eo dia tsy afaka mitarika ilay Voromailala, satria mahay be loatra ianareo.

99 Ny zanak'ondry dia tsy mihambo mahay na inona na inona. Tsy maintsy misy olona anankiray hafa mitarika azy. Voninahitra! Izay ilay izy. Tsy mahay na inona na inona! Amena. Ny zavatra tokana haiko, dia, Kristy Jesosy maty hamonjy ahy.

100 Tany California tany dia nisy tovolahy anankiray tonga, nanana soratra teo anoloany, nanao hoe, "Adalan'i Kristy aho," ary taoriany nanao hoe, "Adalan'iza ianao?" Marina izany. Lasa adala anankiray, ho an'izao tontolo izao, mba hahatonga anareo ho voatariky ny Fanahy Masina, satria ny zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra dia tarihin'ny Fanahy Masina. Romana 8:1, manao hoe, "Fa tsy misy fanamelohana ho an'ireo izay ao amin'i Kristy Jesosy, dia izay tsy mandeha araka ny nofo, fa ny Fanahy," tsy mandeha araka ny ambodia, fa ny Voromailala. Amena.

101 I Doc taloha dia nihira hira anankiray hoe, "Fenoy fitiavana isan'andro ny làlako, raha mandeha miaraka amin'ilay Voromailalan-Danitra aho; avelao aho handeha hatrany miaraka amin'ny hira iray sy tsiky iray, fenoy fitiavana isan'andro ny làlako." Ho andro milamina toy ny ahoana izany ho an'ny Branham Tabernacle, na ho an'ny fiangonana na ho an'ny isam-batan'olona, rehefa mamoy ny zony izy ireo, mba ho lasa zanak'ondry anankiray.

"Inona no atao, Rahalahy Branham?"

102 Miverena ho zanak'ondry anankiray, miverena ho mora fanahy, miverena tsy hahay na inona na inona, miverena fotsiny mba hanolotra ny tenanareo ho an'i Kristy. Aza miezaka, aza miezaka ny hahay na inona na inona. Mandehana am-pahalemem-panahy fotsiny, am-pitoniana, am-panetre-tena, am-pahamoram-panahy, dia hitarika anareo ilay Voromailala. Fa na oviana na oviana no

ahitanareo . . . hihainonareo an'ilay fifosana, na oviana na oviana ianareo no hampiakatra an'ilay fahatezerana, na oviana na oviana no hiheveranareo fa manana zo ianareo hanao an'*ity* sy hanao an'*itsy*, dia mandray fotsiny ny Fanidinany ilay Voromailala dia hanalavitra. Amin'izay fotoana izay dia tsy manana Azy intsony ianareo. Ankehitriny, tsy tena lavitra anareo izy izao maraina izao, ry fiangonana. Mipetraka ao ivelany ao Izy eo ambonin'ny sampan-kazo, miandry ny natioranareo hiova. Amena.

103 Ny ilainareo androany dia ny manolotra ny zonareo rehetra, dia ny mamela an'Andriamanitra mampandry anareo ambany ka manaratra ny zonareo rehetra hiala aminareo. Amena. Azonareo eritreretina ve hoe toy ny ahoana ny zanak'ondry kely tranainy anankiray, ny—ny volony rehetra eo aminy? Izany no zony. Hia. [Manao ny fihetsiky ny ondry anankiray mihanahana Rahalahy Branham—Mpand.] Mafana be, ary avy eo mandry eo ambonin'ny latabatra fanetezana. Fantatr'izy ireo fa izany no tsara indrindra ho azy. Alainy ny zony rehetra hiala aminy ary hetezany hiala daholo izany, mangatsiatsiaka sy maivana izy mihazakazaka. Oadray, oadray, faly izy, ka mitsambikimbikina manodidina ary mahazo fotoana lehibe. Eny, tompoko. Raha hamoy ny zonareo ianareo, dia izany no azonareo. Fa tsy maintsy mamoy ny zonareo ianareo ka mamela ny Tenin'Andriamanitra hanaratra an'ireo izao tontolo izao rehetra hiala aminareo, hanala an'ireo fahazarana rehetra an'izao tontolo izao, dia ho lasa olom-baovao ao amin'i Kristy ianareo.

104 Fotoana vitsy lasa izay teto, tany Afrika, niresaka tamin'ny—tamin'ny olo-masina antitra anankiray aho. Hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, fantatro fa mino ny ivelan'ny voajanahary ianao."

Hoy aho hoe, "Izany tokoa, ry rahalahiko."

105 Hoy izy hoe, "Taona maro lasa izay dia nihevitra aho taloha fa olona ambony aho." Hoy izy, "Nihevitra aho fa tena Kristiana anankiray aho." Dia hoy izy hoe, "Avy eo rehefa niakatra tany am-piangonanay . . . Tsy maintsy nihanika havoana anankiray aho, izay nanajanonako ny fiarako." Dia hoy izy hoe, "Tsy maintsy nihanika havoana anankiray aho teo amin'ny, oh, telo na efajato yard teo, ary nihodina an'ireo kirihitra sy ny sisa, mba hiakarana." Dia hoy izy hoe, "Nanana fivoriam-bavaka izahay tany." Ary hoy izy, "Nihevitra aho fa tena Kristiana anankiray aho." Hoy izy hoe, "Nahay ny Baiboly rehetra aho. Nianatra ny Hebreo rehetra aho. Nianatra ny fanononana tsara ny Teny aho." Dia hoy izy, "Raha nisy olona tonga teo amiko, dia afaka aho" [Nanapoapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham—Mpand.] "ny niresaka tamin'izy ireo tahaka an'izao mikasika ny Baiboly. Fantatro

izay resahako." Hoy izy hoe, "Indray hariva dia nandeha tany am-piangonana aho. Nisy fifanoherana betsaka tao amin'ilay fiangonanay." Hoy izy, "Nisy ampahany kely nanohitra ny anankiray hafa. Fantatrao hoe ahoana no fitrangan'izy ireo."

Hoy aho hoe, "Eny, tompoko."

106 Hoy izy hoe, "Teo amin'ny làlako niakatra an'ilay havoana, nandeha aho, ary tampoka teo dia tonga saina aho fa nisy olona anankiray nanaraka ahy." Dia hoy izy hoe, "Nieritreritra aho fa hiandry kely vetivety aho hoe iza izy, mba hahatratrarany, dia hiresaka aminy vetivety rehefa miakatra ny làlana izahay." Fantatrareo, izany no karazan-javatra tsara anankiray, miandry vetivety ianareo. Dia hoy izy, "Rehefa nandeha niakatra an'ilay havoana aho," hoy izy, "dia niakatra aho. Lehilahy anankiray no niakatra an'ilay havoana," dia hoy izy, "Nanana entana anankiray Izy teo an-Damosiny izay lehibe lavitra noho ilay Lehilahy." Dia hoy izy, "Nihanahana sy sempotra mihitsy Izy, ary nanao dingana kely fohy fotsiny, niezaka ny hiakatra. Dia hoy aho hoe, 'Ry Namana, afaka manampy Anao ve aho hitondra an'iny enta-mavesatra iny hiakatra ny havoana?' Hoy Izy hoe, 'Tsia, Izaho no tsy maintsy mitondra azy.'" Hoy izy, "Nijery ny Tànany aho," hoy izy, "fantatro tamin'izay fa fahitana anankiray ilay izy. Nanana holatra Izy teo amin'ny Tànany." Hoy izy, "Niankohoka aho, ka hoy aho hoe, 'Tompo, Entinao ao anatin'io kitapo io ve ireo fahotan'izao tontolo izao?' Hoy Izy hoe, 'Tsia, ny anao fotsiny no Entiko. Manampy anao fotsiny hiakatra ny havoana, mba hahafahanao ho tonga.'"

107 Izany ilay izy. Raha nijery manodidina fotsiny isika, dia hahita fa Izy no nitondra ny antsika. Tsy manao anareo hahatsapa ho kely ve izany? Ny fontsika ratsy fanahy, masiaka, satria fotsiny hoe vitantsika ilay izy!

108 Teto fotoana vitsy lasa izay dia nihaza aho. Araka ny fantatrareo, dia tiako ny mihaza. Ary nisy tovolahy ratsy fanahy tao amin'izany faritra izany, lehilahy ratsy fanahy anankiray izy. Ary zatra maneso ahy izy io satria aho tsy tia mitifitra ombimanga vavy sy zanak'ombimanga. Hoy aho hoe, "Hery setra izany." Hoy aho hoe, "Maninona ianao no tsy mba ho tena mpihaza, sy madio dia mitifitra an'ireo lahin'osy antitra sy ny sisa izay antitra ary efa vonona ny ho faty? Andriamanitra no nanome azy ireny ho antsika. Avelao ireny reny tanora sy ny sisa ireny . . . "

109 Hoy izy hoe, "Ah, sarim-bavy ianao, ry mpitory teny!" Tahaka an'izany foana no lazainy amiko.

110 Hoy aho hoe, "Ankehitriny, jereo, raha noana aho ka mila anankiray amin'ireo zanak'ombimanga ireo, dia mino aho fa hamela hahazo azy Andriamanitra. Saingy ny hitifitra azy mba hanaovana hafetsena fotsiny kosa," eny, nahafeno

kalesy iray izy. Dia nandeha izy ary niantso azy, karazana kiririoka anankiray, ary afaka nitsoka an'io kiririoka io izy ka nampaneno azy tahaka ny zanak'ombimanga kely anankiray miantso mihitsy. Indray andro dia niaraka tao anaty kirihitra izahay. Nataoko menatra izy, hoy aho hoe, "Ho menatra ny tenako aho." Nahafaty zanak'ombimanga valo na folo indray mandeha izy, raha azony natao, ombimanga vavy sy ny sisa, mba hanaovana hafetsena fotsiny, angamba hanapaka ny am-pahefatry ny ambaniny dia hanajanona ny sisa amin'ilay izy hipetraka eo. Hoy aho hoe, "Tsy tokony hanao an'izany ianao."

"Ah," hoy izy, "ianareo mpitory teny ireto koa dia sarim-bavy!"

111 Indray andro dia nijoro tany anatin'ny kirihitra tany izy, noraisiny io kiririoka io ary niantsoantso mafy izy, ary naneno tahaka ny zanak'ombimanga kely anankiray mitomany ilay izy. Vantany vao nanao an'izany izy, dia nanatranga ny lohany ny ombimanga vavy tsara tarehy anankiray, nivoaka niantsambotsambotra. Azonareo nojerena ilay masony mavo antitra lehibe izay mijery. Taitra tampoka izy. Nijery manodidina izy. Nipetraka ilay mpihaza, nakariny ny basiny mba hitifirana an'ilay ombimanga vavy. Ary hitan'ilay ombimanga vavy ilay mpihaza. Saingy, mba fantatrareo ve, ilay antsoantson'io zanak'ombimanga io, tsy nahatsikaritra an'io basy io izy. Nitady an'ilay zaza izy; tratry ny olana izy io. Fantatrareo, ilay fanehoana ny tena fitiavan-janaka sy fitiavan'ny reny, izay nanatrehany an'ilay basy teo anoloany, ho faty, nijery ny vavan'ilay basy. Mba fantatrareo ve, io fanehoana io dia lehibe tokoa, nanakaiky azy izy, natsipiny tamin'ny tany ny basiny! Nihazakazaka niverina izy ka nandramby ahy tamin'ny sandry, hoy izy hoe, "Billy, mivavaha ho ahy, leo an'izao aho!" Rehefa nahita an'io fanehoana ny herim-pon'ny reny io izy!

112 Oh, rehefa mahita ny fanehoana ny fitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao, sy ny farisihana ao amin'ny fontsika olombelona, ho toy ny inona ilay fahasamihafan'izany. Rehefa mamela an'ilay Voromailalan'Andriamanitra ho tonga ao am-pontsika isika ka manamora fanahy antsika, manao antsika halemy fanahy.

113 Tao amin'ny alokaloka ambadik'ilay kirihitra, nitsangana tao aho nivavaka ho an'io tovolahy tranainy io, notarihiko teo amin'ny Tompo Jesosy izy. Nanomboka teo, dia mpihaza tsara, madio anankiray izy.

114 Azo antoka, nihevitra izy fa nanana zo izy, nanao izay rehetra tiany hatao izy. "Eo amin'ny taniko izy ireo, nihinana ny voliko ireo tany raha tiany izany."

115 Hoy aho hoe, "Marina izany, saingy tsy fanaon'olombelona izany." Tsy maintsy mamoy ny zonareo ianareo. O Andriamanitra, mamindrà fo, mba hanekenay.

116 Teto fotoana vitsy lasa izay, teo amin'ny, oh, zato taona lasa teo izay, nisy Kristiana malaza anankiray nipetraka tany atsimo-andrefan'ny Etazonia. Ny anarany dia Daniel Curry, lehilahy mahafinaritra anankiray, lehilahy mpivavaka anankiray, lehilahy masina anankiray, tena Kristiana anankiray, lehilahy anankiray izay nankasitrahan'ny olona rehetra, tena olona anankiray mahafinaritra. Ary nandeha ny tantara, fa hoe maty izy na lasa tao anatin'ny tsy fahatsiarovan-tena, dia nilaza izy . . . fa niakatra tany An-danitra izy, mazava ho azy, rehefa maty izy. Ary tonga teo amin'ny vavahady perla izy, tonga teo am-baravarana ilay mpiandry, nanao hoe, "Iza ianao?"

117 Hoy izy hoe, "Evanjelista aho, Daniel Curry, nahazo fanahy an'arivony ho an'i Kristy aho. Ary izaho dia . . . Te-hiditra aho izao maraina izao. Ny dian'ny fiainako teny ambonin'ny tany dia tapitra, tsy manana toerana haleha aho ankehitriny."

118 Izany no fomba hahatongavan'ilay izy eo aminao indray maraina, ry mpanota. Izany no fomba hahatongavan'ilay izy eo aminao, ry mpiverin-dàlana. Izany no fomba hahatongavan'ilay izy eo aminareo izay nampalahelo ny Fanahy Masina nanalavitra azy ireo, tsy mba mora fanahy sy malemy intsony. An-taonany maro no tsy nitomanianareo. Tsy niteramena ianareo, nandritry ny tsy fantatro hoe oviana. Niala taminareo ny famaotinana rehetra. Azo antoka. Saingy ho tonga eo amin'ny varavaranareo izany amin'ny anankiray amin'ireo maraina ireo. Ka raha mbola tonga sy mandondona ilay Fanahy Masina mora fanahy, nahoana ianareo no tsy mamela Azy miditra fotsiny?

119 Noho izany i Daniel Curry dia tonga teo amin'ny—amin'ny—amin'ny vavahady, niditra izy ireo, nanao hoe, "Hojerenay raha misy ny anaranao ato." Nijery nanerana ny rehetra izy ireo, tsy nahita anarana na dia anankiray aza izy ireo. Hoy izy ireo, "Tsia, tsy misy Daniel Curry ato."

120 "Oh," hoy izy hoe, "azo antoka!" Hoy izy, "Evanjelista aho." Hoy izy hoe, "Nahazo fanahy ho an'i Kristy aho." Hoy izy, "Niezaka ny nanao zavatra izay mahitsy aho."

121 Hoy ilay mpiandry hoe, "Tompoko, miala tsiny aho milaza aminao, fa tsy misy Daniel Curry ato." Hoy izy, "Ho lazaiko aminao izay tokony hataonao." Hoy izy, "Tsy manana zo handraisana ny raharahanao izahay eto." Hoy izy hoe, "Fa te-hampakatra ny raharahanao ve ianao? Afaka mampakatra an'izany ao amin'ny Fitsaran'ny Seza fiandrianana Fotsy ianao, raha tianao." Fa hoy izy, "Izahay eto dia tsy manana famindram-po ho anao, mihitsy, satria tsy manana anao izahay ato. Tsy misy famindram-po ho anao." Hoy izy, "Te-hampakatra ny raharahanao ve ianao?"

Hoy izy hoe, “Tompoko, inona intsony moa no azoko atao afa-tsy ny mampakatra ny raharahako?”

122 Hoy izy hoe, “Eny, noho izany, dia afaka mandeha any amin’ny Fitsaran’ny Seza fiandrianana Fotsy ianao ka mampakatra ny raharahanao any.”

123 Nilaza i Daniel Curry fa nahatsapa ny tenany ho nandeha teny amin’ny habakabaka nandritry ny ora iray teo izy. Nilaza izy fa tonga teo amin’ny toerana anankiray, ilay izy dia niha-nazava, niha-nazava, niha-nazava, niha-nazava. Nilaza izy, fa arakaraky ny nandehanany, dia niha-nazava ilay izy. Ilay izy dia avo zato, avo arivo heny mamiratra noho ny famirapiratan’ny masoandro. Ary nilaza izy fa nangovitra, nangovitra. Ary nilaza izy, fa rehefa tafiditra tao afovoan’ilay Hazavana izy, dia nandre Feo anankiray izy nanao hoe, “Tanteraka ve ianao teny ambonin’ny tany?” Nivoaka mihitsy avy tao amin’ny—ny Hazavana iray.

Hoy izy hoe, “Tsia, tsy tanteraka aho,” nangovitra.

Hoy Izy, “Nampiasa ny fahitsim-po tamin’ny olona rehetra ve ianao?”

124 Hoy izy, “Tsia.” (Hoy izy, “Nisy zavatra vitsivitsy tonga tao an-tsaiko izay tsy tena nahitsiako fo.”) Hoy izy, “Tsia, izaho—izaho—izaho dia mihevitra fa tsy nahitsy fo aho.”

Hoy Izy, “Mba nilaza ny marina tamin’ny raharahanao rehetra ve ianao, teo amin’ny fiainanao?”

125 Hoy izy, “Tsia. Tsaroako ireo zavatra vitsivitsy izay nolazaiko, izay tsy maizimaizina . . . izay maizimaizina. Izaho—izaho—izaho—izaho dia tsy tena marina tanteraka loatra.”

126 Hoy Izy, “Noho izany, efa mba naka zavatra izay tsy anao ve ianao, zavatra, vola, zavatra hafa izay tsy anao?”

127 Nilaza izy fa nihevitra tety an-tany fa izy no tsara indrindra, saingy voaheloka izy. Hoy izy, “Tsia. Tsia, efa naka zavatra izay tsy ahy aho.”

Hoy Izy hoe, “Noho izany dia tsy tanteraka ianao.” Hoy izy hoe, “Tsia, tsy tanteraka aho.”

128 Nilaza izy fa niandry minitra iray izy ho an’ny fipoahana avy tao amin’ilay Hazavana lehibe izay nitoeran’ilay Voromailala hoe, “Voaheloka!” Nilaza izy, fa tamin’izay fotoana izay indrindra no nandre Feo taoriany izy, izay malefaka noho ny feon’ny reny anankiray izay tsy mbola re. Nilaza izy fa nitodika hijery. Ary tarehy malefaka indrindra izay tsy mbola hitany, malefaka noho ny tarehin’ny reny, no nitsangana teo anoloany. Ary nilaza izy fa Izy nanao hoe, “Ray, Daniel Curry dia nijoro ho Ahy teny ambonin’ny tany. Marina izany, tsy tanteraka izy, saingy nijoro ho Ahy izy.

Nijoro ho Ahy izy teny ambonin'ny tany, ankehitriny dia Izaho no hijoro ho azy any An-danitra. Esory ny fahotany rehetra ary ataovy eo amin'ny Kaontiko izy ireny."

129 Iza no hanohana anareo amin'izany andro izany, rahalahy, raha mampalahelo Azy manalavitra anareo ianareo androany? Tsy afaka mitory teny intsony fotsiny aho. Ndao isika hanondrika ny lohantsika.

130 Andriamanitra malala, Zanak'ondry malala maty, malemy fanahy, manetry tena, tsotra. Ny vorona nanana ny akaniny ary ny amboahaolo nanana ny tranony, fa Ianao tsy mba nanana toerana anankiray, ary, kanefa, ilay tena Tompon'ny Voninahitra! Rehefa teraka Ianao, dia tsy mba nanana akanjo natafy Anao akory izy ireo. O Andriamanitra, koa inona àry ny soa ataon'ny akanjoko amiko? Inona no soa ataon'ny fiarako amiko? Inona no soa ataon'ny trano tsara anankiray amiko? Inona no soa hataon'izany amin'io andro io? Tsy nanana sakaiza Ianao; tsy nisy olona iray mba te-hisakaiza Taminao. Toa tsy nisy olona iray te-hanome Anao tànam-panampiana. Nilaza Ianao fa amin'izany andro izany dia Ianao no hanao hoe, "Noana Aho, fa tsy mba nofahananareo Aho. Nitanjaka Aho, fa tsy mba nampitafianareo Aho." Inona no soa hataon'izay rehetra anananay amin'izany andro izany, Tompo? Avelao izahay hijoro ho Anao, mba rehefa tonga izany ora izany ka miditra ao amin'ny Fanatrehany izahay, ilay mahery indrindra, manerana, man-. . . O Andriamanitra, rehefa mandre an'ilay Voromailala izahay, miaraka amin'ireo Elany mipetraka aoriana ao amin'ilay Hazavana lehibe, dia hanjelanjelatra ao amin'ny Mandrakizay rehetra. Fa, mitoetra ao amin'ny Hazavana Ianao!

131 "Rehefa tsy maintsy hijoro irery aho any, lasa ny rahalahiko, lasa ny pasiterako, lasa ny reniko, lasa ny dadako, lasa ny vadiko, lasa ireo zanako, O Andriamanitra, inona no hataoko amin'izany fotoana izany, Tompo? Inona no hataoko amin'izany fotoana izany? Ary izany dia mety alohan'ny hilentehan'ny masoandro izao hariva izao. Fa inona no hataoko? Inona no azoko hatao? O Kristy, hijoro ho Anao aho ankehitriny! Hanao ny safidiko aho androany. Hafoiko ny firesahako rehetra mikasika ny olon-kafa. Hafoiko ny hatezerako rehetra. Hafoiko ny fahasamihafako rehetra. Hafoiko ny zavatra rehetra. Hetezo aho, Tompo, raiso izay rehetra ananako. Raiso fotsiny aho, Tompo. Izaho—izaho—izaho te-hitsangana ao amin'ny Fitoeranao. Te-ho voahety aho. Tiako ireo fitiavan-tena rehetra, ny rehareha rehetra, ny fihafahafana rehetra, hiala tanteraka amiko mihitsy. Avy eo dia te-hijoro ho Anao aho, toy ny zanak'ondry anankiray voahety, manaiky ny hahafoy ny fahafinaretana rehetra avy amin'izay antsoin'izy ireo hoe fahafinaretan'ny fiainana, ny fandihizana rehetra, ny fety

rehetra, ny fitafiana ratsy tranainy rehetra, lokon-tarehy, lokomena, fandokoana hoho, io fihafahafahana rehetra io izay mitovy amin'izao tontolo izao. Hoy Ianao hoe, 'Aza mba manao tahaka an'izao tontolo izao. Aza mikambana amin'izao tontolo izao. Mivoaha eo anivon'izy ireo!' O Andriamanitra! Ampio aho, Tompo. Hetezo aho androany. Raiso ho toy ny zanak'ondry anankiray aho ary avelao aho ho moana, aza manokatra ny vavako, tsy hiteny na inona na inona mikasika an'izany, fa hitsangana fotsiny ka ho voahety."

132 O Andriamanitra, inona no fahasamihafana vitan'izany! Tsaroako raha nanety ahy Ianao indray mandeha, naka ny vadiko, ny zanako, ny raiko, ary ny rahalahiko. Nohetezanao hadio aho. Kanefa, tao am-poko, dia fantatro fa tia Anao aho. Toy ny inona no Nitahianao ahy! Toy ny inona ny Fahatsaranao! Ny maha-izaho ahy rehetra, ny amin'izay haha-izaho ahy rehetra, ny amin'izay rehetra mety haha-izaho ahy; dia Ianao izany, Andriamanitra, Ianao izany. Miaiky an'ireo fahadisoako aho, miaiky an'izay rehetra nataoko aho na nosainiko. Hetezo fotsiny aho, Tompo, te-ho Zanak'ondrinao aho.

133 Tsy izany ihany, Tompo, fa raiso ny olona tsirairay ato izao maraina izao, ny ondry tsirairay, ary ireo izay te-ho ondry, hetezo izy rehetra, izao maraina izao, Tompo. Apetraho manodidina an'ireo fikapan'ny Filazantsara ny tongotra kelin'izy ireo. Enga anie ny Fanahy Masina hitarika azy ireo eo amin'ny fibebahana izao ankehitriny izao, hahafantatra fa nihafahafa tamin'Andriamanitra izy ireo. Ary enga anie Izy hanety ny fihafahafana rehetra, izao tontolo izao rehetra ary ny zavatra rehetra an'izao tontolo izao. Hetezo daholo izany izao maraina izao, Tompo, mba hahafahanay hijoro mangatsiatsiaka sy mitony eo Anatrehanao, toy ny Kristiana nateraka indray. Ekeo izany, Tompo.

134 Tiako Ianao. Te-handeha aho, tsy mampaninona na mafana aza ny andro, na tiako ilay izy na tsia. Te-handeha aho. Te-hijoro ho Anao aho, satria tiako Ianao no handahatra ny raharahako amin'izany andro izany, hanao hoe, "Eny, nijoro ho Ahy izy, ankehitriny dia hijoro ho azy Aho." O Andriamanitra, ekeo izany androany.

135 Ary raha mbola miondrika ny loha tsirairay, ary ny fo tsirairay miondrika. Manontany tena aho izao maraina izao raha misy olona fotsiny eto izay mahafantatra fa niezaka ny nandeha tamin'ny làlany manokana, nanao an'ireny zavatra izay tsy tokony nataonareo ireny ianareo, ary mahatsapa ianareo izao maraina izao fa haniry ny ho hetezan'ny Tompo fotsiny, sy hanao hoe, "Hanao anareo ho tena zanak'ondry anankiray," hanangana ny tànanareo ve ianareo. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy.

Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Olona hafa hanao hoe, "Hetezo aho, Tompo, mitsangana aho. Ondry aho. Tsy hanokatra ny vavako akory aza aho, tiako fotsiny Ianao hikapa an'izao tontolo izao rehetra hiala amiko." Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao, zanako lahy. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. "Hetezo aho, Tompo." Ranabavy Gertie . . . [Ilay mpitendry piano—Mpand.] Ary Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. "Hetezo aho ankehitriny, Tompo. Izaho—izaho dia tia ny zavatra rehetra an'izao tontolo izao . . . Te-hijoro ho Anao aho izao maraina izany. Te-hitsangana tahaka ny ondry anankiray voahety aho. Tiako ho voakapa hiala amiko ny zavatra rehetra an'izao tontolo izao. Te-ho Anao aho ary Ianao ho ahy. Handray ahy ve Ianao, Tompo, raha manangana ny tànako Aminao aho?" Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao, tompoko. Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao, tompoko. Andriamanitra hitahy anao, tompoko. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa, hitako ny anao. Andriamanitra hitahy anao, rahalahiko. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa kely. Tsara izany. Andriamanitra hitahy anao iry aoriana iry, ry reny. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. Marina izany, aoka hahitsy fo fotsiny. "Miandry an'Andriamanitra aho hanala amiko tanteraka izay tsy mitovy Aminy mihitsy, ireo antony ara-pitiavan-tena izay ananako, ny fihafahafana izay ananako. Tiako Izy hanety amiko an'izany rehetra izany, izao maraina izao. Te-hitovy Aminy aho. Tsy ahoako na zo izy ireo na tsia; tsy manana zo aho. Zo anankiray ihany no ananako, ary izany dia, ny hanatona Azy. Izy no maka ny sisa."

136 Misy mpanota anankiray ve eto izay mbola tsy niaiky tamin'i Kristy indray mandeha mihitsy, tsy mbola voavonjy mihitsy, ka tianareo ny ho tsarovana ao amin'izao vavaka izao amin'ity maraina ity, hanangana ny tànanareo ve ianareo, ry sakaiza mpanota? Andriamanitra hitahy anao. Anankiray hafa hanangana ny tànanareo, hanao hoe, "Tsarovy aho, Rahalahy Branham. Tsy Kristiana aho, ary tsy fantatro hoe rahoviana no tsy maintsy handehanako hihaona amin'Andriamanitra. Ary izaho—izaho te-ho tsaroana izao ankehitriny izao ao anatin'ny tenim-bavaka anankiray, raha mamarana ianao." Eny, hanangana ny tànanareo ve ianareo mba hivavahako ho anareo? Izy no mahita. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa kely. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao, tompoko. Olona hafa anankiray, "Izaho te-ho, izaho mila . . . "

137 Firy eto no niverin-dàlana? "Oh," hoy ianareo hoe, "Tsy hanaiky an'izany aho, Rahalahy Branham." Saingy, jereo,

raha niala taminareo io Voromailalan'ny fahalemem-panahy io, rahalahy, dia misy zavatra tsy mety ao. Misy zavatra tsy mety ao raha tsy afaka mifampitondra ianareo. Raha tsy afaka mamela ny olona tsirairay avy ao amin'ny tena halalin'ny fonareo ianareo, tsy mampaninona izay nataon'izy ireo na izay nolazain'izy ireo, raha tsy afaka mamela avy ao amin'ilay halalina ianareo, dia hoy Jesosy hoe, "Raha tsy mamela ny fahadisoan'ny olona tsirairay ianareo, avy ao am-ponareo, dia tsy hamela anareo mihitsy ny Ray An-danitra."

138 Ankehitriny, ahoana moa raha, ity andro mafana ity, ahoana moa raha androany Andriamanitra no hiantso anareo? Raha mbola misy Loharano iray misokatra, fiangonana iray vonona, ny Fanahy Masina mipetraka eto amin'ny tendron'ity tranobe ity, vonona ny hidina avy hatrany ka hiverina ao am-ponareo ary hanao anareo ho mora fanahy sy tony. "Inona no tsy maintsy hataoko, Rahalahy Branham?" Aoka ho lasa zanak'ondry anankiray fotsiny. Hidina avy hatrany ny Fanahy Masina rehefa lasa zanak'ondry anankiray ianareo. Fa raha manana antony diso ianareo, diso—diso hevitra, te-hanana ny làlanareo manokana, ka tsy manaiky ny hamoy an'izany, amin'izay fotoana izay dia tsy ho avy mihitsy ilay Fanahy Masina.

139 Ankehitriny miaraka amin'ny lohantsika miondrika, manontany tena aho raha ny tsirairay taminareo izay nanangana ny tànanareo . . . Ankehitriny, hoy Jesosy hoe, "Izay mandre ny Teniko ka mino Izay naniraka Ahy, no manana ny Fiainana mandrakizay, tsy ho tonga eo amin'ny fitsarana fa efa nafindra avy tao amin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana," Md. Jaona 5:24. Fa ankehitriny raha tianareo ny hanatona ny alitara, mandohaleha eto, ndao isika hiaraka hivavaka mba ilay fihetseham-po malemy fanahy, tony izay nanananareo indray mandeha, na tianareo hananana, no ho tonga aminareo indray. Raha mbola mihazona ny lohantsika miondrika isika, raha mihira isika hoe, "Misy Loharano feno Rà," tiako ianareo ho tonga, handohalika ka hivavaka. Ny tsirairay ankehitriny izay te-ho tonga, mandohaleha eto amin'ny alitara ka mivavaha vetivety.

Misy Loharano feno Rà,
Nosintonina avy tao amin'ny Làlan-dràn'Imanoela,
Ka ireo mpanota mitsoboka ao anatin'ny . . .
(Andriamanitra hitahy anao, ramatoa, tongava eto avy hatrany ka mandohaleha)
Very . . .

140 Miaraka amin'ny lohantsika miondrika, raha manantena aho fa manana ianareo ao anatin'ny fonareo. Fantatrareo ve hoe iza no mamakivaky ny làlantsara izao maraina izao,

tokony ho menatra amin'ny tenanareo ianareo? Vehivavy mainty hoditra anankiray, zavatra mampalahelo, kitrokely mivonto, fotsy volo, mandray ny làlany ho eto amin'ny alitara.

141 Teto fotoana vitsy lasa izay, lehilahy mainty hoditra iray no voavonjy, tao amin'ny andron'ny fanandevozana. Nandeha izy, ary rehefa voavonjy izy, niteny tamin'ny mpampiasany izy fa afaka izy. Hoy izy hoe, "Maninona ianao?"

Hoy izy, "Afaka aho." Avy eo dia nahafahany izy.

142 Indro tonga ny andian'olona anankiray midina ho an'ny famonjena izao maraina izao. (Nilaza izy fa afaka izy.) Ny rehetra ao anatin'ny vavaka, ary mivavaka mafy raha sitrakareo, raha mbola miasa miaraka amin'ny olona mandray fanapahan-kevitra ny Fanahy Masina.

Hoy izy hoe, "Mose, milaza ve ianao fa afaka ianao?" Hoy izy, "Eny, tompoko, ry mpampiasa. Afaka aho."

143 Hoy izy, "Raha afaka ianao, dia izaho no handeha hanafaka anao, ihany koa. Mandehana mitory ny Filazantsara."

144 Rehefa vonona ny ho faty izy, maro tamin'ireo rahalahiny fotsy hoditra no tonga nijery azy, ary rehefa nijery izy ireo, dia nilaza izy, nihevitra izy fa tao anatin'ny tsy fahatsiarovan-tena anankiray izy. Rehefa nifoha izy, dia hoy izy hoe, "Nihevitra aho fa efa lasa aho." (Andriamanitra hitahy anao, rahalahiko, mandohaleha avy hatrany fotsiny, eo.) Hoy izy, "Nihevitra aho fa efa tena lasa aho."

Hoy izy, "Inona no hitanao, ry Mose?"

145 Hoy izy hoe, "Rehefa niditra teo amin'ilay vavahady aho, dia nahita Azy aho." Hoy izy, "Nijoro aho, nijery Azy." Dia hoy izy, "Nisy Anjely anankiray nitsangana ka nanao hoe, 'Avia, ry Mose. Nitory ny Filazantsara nandritry ny taona maro ianao, mahazo akanjo lava anankiray ianao ary satroboninahitra anankiray no miandry anao.'" Hoy izy hoe, "'Aza miresaka amiko mikasika akanjo lava sy satroboninahitra. Tsy mila akanjo lava sy satroboninahitra aho. Te-hijery Azy fotsiny aho.'" Heveriko fa izany no toetry ny Kristiana rehetra.

146 Teto fotoana vitsy lasa izay, nandeha tany Chicago, tao amin'ny efitranobe anankiray aho, tranom-bakoka anankiray, raha ny marina, ary nijery ny manodidina tao aho. Nahita Negra antitra anankiray aho, randram-bolo kely fotsy nanodidina ny lohany, nandehandeha nanodidina teo, niaraka tamin'ny satrony teny an-tànany. Nojereko izy. Nijery ny tao anatin'ny toerana anankiray izy, ary nitsambikina niverina, ary nanomboka nikoriana teo amin'ilay takolaka maintiny ireo ranomaso. Nanomboka nivavaka izy. Nandinika azy vetivety aho. Nijery tany indray izy, nanomboka nitomany indray. Nanatona aho ary hoy aho hoe, "Tompoko."

Hoy izy hoe, “Eny, ry namana fotsy hoditra?”

Hoy aho hoe, “Hitako fa ianao dia . . . Inona no tena nanaitaitra anao? Inona no tena nahataitaitra mafy anao?”

147 Hoy izy hoe, “Tompoko, raha afaka mitsapa ny valahako ianao, dia manana kitro aho manodidina ny valahako.” Hoy izy, “Efa andevo anankiray aho.” Hoy izy hoe, “Ao anatin’io trano fitaratra kely eto io, dia misy akanjo anankiray mipetraka eo.”

Hoy aho hoe, “Hitako fa akanjo anankiray io, saingy inona no dia tena mampiavaka an’izany?”

148 Hoy izy hoe, “Io tasy eo ambony io,” hoy izy, “io ilay ràn’i Abraham Lincoln.” Hoy izy, “Io rà io no nanala ny fehin-kibom-panandevozana tamiko.” Hoy izy hoe, “Ankehitriny, ry lehilahy fotsy hoditra, izany ve dia tsy hanaitaitra kely anao, ihany koa?”

149 Napetrako nanodidina ny tendany antitra ny sandriko, hoy aho hoe, “Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Izaho mahafantatra Rà hafa izay manaitaitra ahy.”

Hoy izy hoe, “Izaho dia mahafantatra an’io Rà io, ihany koa, andriamatoa.”

150 Hoy aho hoe, “Izy no nanala ny fehin-kibom-panandevozana anankiray tamiko.” Taloha aho nivoaka rehefa Alahady ary manao hazakazaka sy zava-dratsy, ary miteny vazivazy maloto. Ary, O Andriamanitra, ahoana no nahavitako an’izany? Mbola misy holatra foana ao amin’ny foko tamin’ny nanaovako an’izany. Saingy faly aho fa Izy no nanala an’ilay fehin-kibo tamiko. Lasa daholo izany ankehitriny, nitsangana teo amin’ny toerako Izy.

151 Teto fotoana vitsy lasa izay, nijery vehivavy anankiray aho, ary tsy nahay niaina loatra izy ka te-hanameloka azy aho. Nanome ahy fahitana anankiray Andriamanitra. Nivavaka ho azy aho avy eo, satria hitako fa ny fahotako dia lehibe lavitra mihitsy noho ny azy. Ary nandeha aho ka nipetraka teo akaikiny ary menatra azy, nilaza taminy fa mpitoriteny aho. Ireo zazalahy anankiroa sakaizany . . . Teo amin’ny dimy amby enimpolo na fitopolo taona teo izy, ireo zazalahy anankiroa sakaizany dia nandohalika teo, ary nomen’izy ireo tanteraka an’i Kristy ny fon’izy ireo. Oh, oadray, fahasamihafana toy ny inona!

152 Tsy tianareo ve? Tena efa nanota betsaka ve ianareo, izao maraina izao, tena manana fo mainty loatra sy feno loto ve ianareo hany ka na ny Fanahy Masina aza dia tsy afaka nikasika azy akory? Angamba nandray ny Fanidinany Mandrakizay ilay Voromailala, lasa mandrakizay Izy.

153 Andriamanitra hitahy anao, malala. Mandroso ny zazavavy kely anankiray. Andriamanitra hitahy anao, malalan’ny fo. Hoy ianareo hoe, “Tsy mahafantatra io zazavavy kely io.” Oh,

eny, mahafantatra izy. Tsy namaky magazina betsaka mihitsy sy tantaram-pitiavana tranainy tahaka anareo rehetra izy. Izany ilay olana, tsotra izy. Hoy Jesosy hoe, "Avelao ny zaza madinika hanatona Ahy."

154 Hisy olona hafa ho tonga ve, hikambana manodidina izao maraina izao? Misokatra ny alitara. Fotoana vitsy fotsiny, avy eo raha mbola mihira indray mandeha isika, avy eo dia hanolotra vavaka isika raha mivavaka ireto mpanota mifona ireto.

> Ilay mpangalatra efa ho faty dia nifaly nahita
> An'io Loharano io tao . . . (Azo antoka, lasa ny zavatra rehetra, vita ny amin'ilay lehilahy mahantra.)
> Ary enga anie aho ho eo, na dia ratsy noho izy aza . . .

155 Tsy handroso ve ianareo ankehitriny? Tsy handroso ve ianareo, ianareo izay mahafantatra tsara? Hoy ny Baiboly hoe, "Raha mahafantatra ny hanao ny tsara ianareo, nefa tsy manao an'ilay izy, dia mbola mihoatra noho ny ota ho anareo izany." Tsy ho avy ve ianareo? Fantatrareo fa diso ianareo. Tadiavo ny làlanareo dia mandohaleha manodidina ny alitara, ka lazao amin'Andriamanitra fa manenina ianareo tamin'ny fomba izay nanaovanareo Azy. Avelao ilay Fanahy Masina hiverina ka hanao anareo ho malemy fanahy sy mora fanahy ary tony indray. Tsy tianareo ve? Tsarovy, raha maty ianareo, ka nanalavitra anareo Izy, dia tsy misy olona handahatra ny raharahanareo. Miandry anareo Izy hijoro ho Azy izao maraina izao. Andriamanitra hitahy anao, rahalahiko.

156 Miandry. Izao ihany ve, dimy ambin'ny folo fotsiny ve ato amin'ny fiangonana no tena mahatsapa fa voaheloka ianareo? Niaina fiainana milamina, malemy fanahy, mora fanahy, tony ve ianareo? Ankehitriny, izao dia tantanan'ny Fanahy Masina. Voavela ve ianareo, tsy manana fahavalo ve? Miaina any ankoatra, any ambonin'ny fanamelohana ny mpanota ve? Tsy niaina tahaka ny mpanompo sampy ve ianareo, niaina hafa ve? Tena modely hafa tanteraka ve ny fiainanareo? Ilay Fanahy Masina mora fanahy ve no mipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'ny fonareo, manao anareo hiaina milamina sy tony ary tia, eo amin'ny olona rehetra? Ireo mpiara-monina aminareo sy ny rehetra ve mahafantatra, ary ireo mpiara-miasa aminareo rehetra ve mahafantatra, fa mora fanahy ianareo, tony, malemy fanahy, Kristiana manetry tena? Miaraka aminareo ve ilay Voromailalan'Andriamanitra? Azonareo antoka ve? Ity no mety ho fanararaotranareo farany. Eny àry.

157 Noho izany ho anareo eto amin'ny alitara, Andriamanitra hitahy anareo. Tsy mila ny ho tsaraina ianareo ankehitriny. Ny Fanahy Masina no nitondra ny fitsarana ho anareo. Ary tsy niezaka nihazona ny zonareo ianareo, manao hoe, "Oh, efa Kristiana hatramin'ny ela aho. Tsy mila mandeha aho."

Ny sasany aminareo, fotoana voalohany ho anareo mba nahatongavana eo amin'ny alitara. "Afaka ny hijanona ho mpanota aho raha tiako, zoko izany." Hia, marina izany. Olona manana safidy malalaka ianareo, afaka manao izay tianareo ianareo. Saingy namoy ny zonareo ianareo izao maraina izao. Hoy ianareo, "Inona no holazain'izy ireo, izaho izay manambara ny Kristianisma ka avy eo dia mandeha eto amin'ny alitara, inona no holazain'izy ireo?" Fa inona no lazain'Andriamanitra? Nilaza taminareo Izy mba ho tonga, ary nataonareo izany. Ankehitriny namoy ny zonareo ianareo, tonga ianareo mba hahazo an'ilay Fanahy Masina mora fanahy haka ny Toerany ao am-ponareo androany. Fantatro fa hanao an'izany Izy. Fantatro fa hanao Izy. Izy no nampanantena fa hanao Izy. Fa, tsy hahavita mihitsy Izy, tsy hahavita afa-tsy ny ho tonga. Miangavy Izy, mitomany, maty, sy ny zavatra hafa rehetra, ho an'ny toerana anankiray hahatongavana, miandry ny ho tonga eo aminareo.

158 Ary amin'ny oram-pahafatesanareo, rehefa mipetraka eo an-tongom-pandriana ilay anjelin'ny fahafatesana, raha tokony nahatandrina zavatra mahatsiravina anankiray eo, nefa mahafantatra fa nandà ny ho tonga ianareo indray mandeha, dia amin'izay fotoana izay no ho lasa mainty sy maloto ny fanahinareo, tsy misy andro intsony, tsy mampaninona na hitomamy mafy toy ny ahoana aza ianareo. Esao dia nanota nihoatra an'ilay otan'ny fahasoavany. . . ny andron'ny fahasoavany, raha ny marina, ka tsy nanana anjara. Nitomany mafy izy, niezaka ny hahita toerana anankiray hanitsiany an'ilay izy, saingy tsy afaka nanao an'izany izy. Niantso farany azy Andriamanitra.

159 Fa ianareo dia namoy ny zonareo rehetra sy ny namanareo rehetra, sy ny fihetseham-ponareo rehetra sy ny sisa, izao maraina izao, mba hahatongavana eto. Namoy ny zonareo ianareo, mba handohalika eto ka hiresaka amin'Andriamanitra. Miteny aminareo amin'ny alàlan'ny Tenin'ny Tompo aho, fa hoy Kristy hoe, "Izay manatona Ahy, dia tsy ho Laviko mihitsy." Ankehitriny raha mbola eo amin'ny alitara ianareo, mibebaha, lazao Aminy fa manenina ianareo nanao izay nataonareo.

160 Izany no olana tsy haharaisan'ny olona ny Fanahy Masina rehefa atao batisa izy ireo, tsy tena nibebaka marina tokoa izy ireo. Andriamanitra dia miezaka manome azy ireo ny Fanahy Masina. Tiany ho malemy fanahy sy mora fanahy ary tony ianareo. Izany no antony hitsangananareo miaraka amin'ilay fitiavan-tena iray ihany ao anatin'ny fonareo. Oh, mety mitsangana ianareo, mihiakiaka, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, na hafa, tsy hanao anareo hahazo ny Fanahy Masina izany. Tsy maintsy mitsangana avy eo ianareo ho olona hafa anankiray. Tsy maintsy mitsangana avy eo ianareo,

mora fanahy, tony sy malemy fanahy, manetry tena, ka ny Fanahin'Andriamanitra mitoetra ao aminareo. Amin'ny taona manaraka, mitodiha amin'ilay làlana dia jereo hoe tonga hatraiza ianareo, jereo fa miha-mahazo toerana hatrany ianareo. Ny Fanahy Masina izany. Ny Fanahy Masina dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahalemem-panahy, fahamoram-panahy, faharetana, finoana. Ankehitriny, mibebaha fotsiny ary lazao amin'Andriamanitra fa mila an'izany ianareo izao ankehitriny izao. Izy dia . . . Hanao an'izany Izy.

161 Ry zazavavy kely, ianao eo io, malala, manaova tahaka an'izany ianao. Hotahiana ianao. Ny reninao dia mijoro miaraka amin'ny tànany eo amboninao.

162 Ity anabavy antitra mainty hoditra malala eto ity, miondrika eto amin'ny alitara. Mety ho tsy maintsy nihinana mofo katsaka sy ranon-javatra nampangotrahina ianao, mety ho tsy maintsy niaina teny an-tsisin-dàlana ianao, raha araka ny fantatro, ranabavy. Andriamanitra hitahy ny fonao, misy lapa anankiray nomanina ho anao any amin'ny Voninahitra izao maraina izao. Marina.

163 Raha mijery ety amin'ny alitara aho ka mahita ramatoa anankiray, manomboka ho fotsy volo, vehivavy tanora anankiray miaraka amin'ny lohany miondrika, vehivavy tena fotsy volo tanteraka. O Andriamanitra! Mahita lehilahy mandohalika aho, ireo samihafa eto. Mibebaha fotsiny, lazao Azy fa manenina ianareo. Lazao Azy fa tsy hanao an'izany intsony ianareo. Noho ny Fahasoavany, dia hamela an'ireo fahasamihafanareo rehetra hifarana ianareo, manomboka androany. Te-ho mora fanahy sy ho tony ianareo. Te-hanetry tena ianareo ka handeha any amin'izay Hitarihany anareo.

164 Raha miteny zavatra ny olona, tsy mampaninona na dia toy ny marina aza ilay izy, dia hamoy ny zonareo amin'ny firesahana mikasika ny mpiara-monina aminareo ianareo. Hiresaka ianareo, hiresaka mikasika an'i Jesosy ianareo. Hanao ny zavatra izay marina fotsiny ianareo. Tsy hivoaka tahaka ny mpamono olona anankiray ianareo. Tsy hivoaka hitsambikina eo ambonin'ny tsy manan-tsiny ianareo. Fa hitanareo ilay fanehoam-parisihan'ny herim-pon'ireo tena Kristiana, ary te-hitovy amin'izy ireny ianareo. Tsy hila ny hiteny amin'ny olona fa Kristiana ianareo, raha izy ianareo, dia ho hitan'izy ireo fotsiny izany ary ho fantany izany raha miresaka ianareo. Voaisy tombokase ao anatiny sy ivelany ianareo.

165 Ankehitriny, raha manetry ny fonareo ianareo, dia mibebaha ankehitriny. Lazao amin'Andriamanitra, fa ianareo dia "manenina," ianareo dia "tsy hanao an'izany intsony," ianareo dia "menatra" ny tenanareo, tamin'ny

fomba nataonareo. Ary avy eo dia hivavaka ho anareo aho. Ary mino aho, amin'izay fotoana izay mihitsy, fa hipetraka ao am-ponareo mihitsy ny fiadanana, tena fiadanana tahaka ny renirano no ho tonga hanondraka ny fonareo. Mety tsy ho nihiakiaka ianareo, mety tsy ho niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ianareo, mety ho tsy nitsambikina ambony sy ambany ianareo; saingy hiala eto amin'ny alitara ianareo hiaraka amin'ny Zavatra anankiray ao anatinareo, Zavatra anankiray ao anatinareo izay hamikitra anareo eo amin'ilay hazo fijaliana mafy tranainy raha mbola velona koa ianareo. Ankehitriny mivavaha, tahaka ny hataoko. Mihaike.

166 Rainay An-danitra. Zava-boahary tsy mendrika, ity efitra mafana, mahatsemboka ity izao maraina izao, trano tsemboka; saingy, Andriamanitra, Ianao no namoaka an'izany taminay. Nidina ny Fanahy Masina, nandresy lahatra ny olona fa diso izy ireo. Nanota izy ireo. Nasiaka ny fanahin'izy ireo. Lasa nankahala izy ireo, mitsikilo, mahay ny rehetra, tsy manaiky hibebaka, tsy manaiky hamela ny olona izay nanao zavatra nanohitra azy ireo. Tsy nanaiky an'izany izy ireo, saingy androany kosa ny Fanahy Masina dia nandray ny Tenin'Andriamanitra, nametraka an'Izany tao amin'ny fon'izy ireo mora fanahy, ka nanao hoe, "Ankehitriny ve ianao dia hiverina teo amin'izay nisy anao tamin'ny fotoana voalohany nanatonanao ny alitara, hiverina eo amin'ny olona rehetra, ho tia ny olona rehetra ianao, ary ho tia Ahy ianao miaraka amin'ny fitiavana tsy mety maty? Noho izany dia mitsangàna fotsiny ary mandehana mankeny amin'ny alitara." Nanao an'izany izy ireo, Tompo.

167 Ankehitriny, mivavaka aho ankehitriny mba Ianao no hanamasina ny fisainan'izy ireo, Tompo, amasino ny fon'izy ireo, ataovy mora fanahy sy milamina izy ireo. Enga anie izy ireo hitsangana hiala eto amin'ny alitara ankehitriny, rehefa avy nibebaka izy ireo, manome ny fiainany ho Anao, hiverina any an-tranony. Tsy mampaninona izay hiseho, raha hikorontana tanteraka aza ny lahy, na hikorontana ny vavy, na mikorontana ny mpiara-monina, na ny olona izay iarahanareo miasa na ikambananareo, "Ho mora fanahy fotsiny tahaka ny voromailala anankiray fotsiny aho."

168 Sady izay koa, Anao ny Famalianao, "Izaho no hamaly, hoy ny Tompo." Toy ny inona no nahitanay ny fisian'izany, Tompo. Mipetraha tsara fotsiny, aoka ho mora fanahy, jereo Andriamanitra mandray . . . midina avy hatrany eo amin'ny Zanak'ondriny. Azo antoka, izany tokoa. Ilay Mpiandry tsara no nanome ny Ainy ho azy ireo, midina avy hatrany eo amin'ny Ondriny Izy. Ary Izy no hitari-dàlana azy ireo. Loza ho an'izay mitsivalana amin'izy ireo! Loza ho an'izay milaza teny anankiray manohitra azy ireo! Hoy Izy, "Tsaratsara kokoa ny hanantonana vato fikoseham-bary eo amin'ny

tendanareo, ka atsipy any amin'ny ranomasina lalina. Ireo Anjeliny dia mibanjina mandrakariva ny tavan'ny Raiko izay any An-danitra." Hitanareo? O Andriamanitra, izahay dia mila . . . "Fa izay nataonareo tamin'izy ireo, no ataonareo Amiko."

169 Noho izany, Andriamanitra, te-ho mora fanahy aho. Izaho dia mametraka ny tenako eto amin'ny alitara, ihany koa, izao maraina izao; tsy izao maraina izao, fa isa-maraina ary isan'andro. Te-ho tony sy ho mora fanahy aho, ary tahaka an'i Jesosy. Ekeo izany, Ray. Ampio izahay mba ho toy izany ankehitriny, avelao ireo onjam-pitiavana tsy manam-pahataperana hikoriana eo amin'ny fanahinay.

Fiadanana! Fiadanana! Fiadanana mahafinaritra,
Midina avy amin'ilay Ray any ambony; (Tsy tsapanareo ao am-ponareo ve Izany ankehitriny?)
. . . eo amin'ny fanahiko mandrakizay, (Haleloia Haleloia!) . . .
Fiadanana! Fiadanana! Mahafinaritra . . .

170 Ranabavy Gertie dia nilaza mba hiteny amin'ny fiangonana rehetra fa izy dia meloka, ihany koa, saingy ny piano no nataony ho alitarany. Hatramin'izay ny alitara, ny piano no alitarany, hoy izy, "Teneno ny fiangonana mba hivavaka ho ahy," raha mipetraka eo izy ka mikoriana eo amin'ny solomasony ny ranomaso. Ity polipitra ity no alitarako. Izaho dia nibebaka, ihany koa, mando ny Baiboliko. O Andriamanitra!

Fiadanana, fiadanan'Andriamanitra!
Midina avy amin'ilay Ray any ambony; (Oh, haleloia!)
. . . eo amin'ny fanahiko mandrakizay . . .

171 Andriamanitra, raha nanota nanohitra ny olona aho, nanohitra Anao, esory hiala izany, Tompo. Esory ilay ota hiala amin'ny fiangonana keliko, izao maraina izao.

172 Firy no afaka mahatsapa fa namela anareo Andriamanitra, ka mipetraka indray eo amin'ny fonareo ilay Voromailalan'ny Fiadanana? Nanidina niverina indray Izy izao ankehitriny izao, naka ny Toerany. Niverina mihitsy indray ilay Fanahy Masina ka nanao hoe, "Ry Zanako, te-hitia anao foana Aho. Fa ianao no tsy namela Ahy hanao an'izany. Tsy afaka mitoetra miaraka amin'ny fanahinao tia tena tranainy Aho. Saingy ankehitriny nafoinao izany, miverina indray ao amin'ny fonao Aho izao maraina izao." Firy no mahatsapa tahaka an'izany? Atsangano ny tànanareo. Atsangano ny tànanareo, marina izany, eran'ny alitara rehetra. Oh, mahafinaritra izany. Firy aminareo eny amin'ny mpanatrika no mahatsapa

tahaka an'izany? Atsangano ny tànanareo. Oh! [Miteny amin'ny mpitendry piano Rahalahy Branham, "Hitovy Amin'I Jesosy."—Mpand.]

173 Rainay An-danitra, misaotra Anao izahay ho an'ity fotoana mamy ity, fanokanan-tena, tahaka ny maka paoma iray eny an-tànana, mamotipotika azy, manorotoro azy, mandra-pahatonga azy halemy, tena malemy ka ny zaza kely anankiray aza afaka mipetraka sy mihinana azy. Izany no fomba itiavanay ny fonay, Tompo. Raiso ao amin'ny Tànanao misy hola-pantsika izany, torotoroy mihitsy izany, manao hoe, "Anaka, tsy hitanao ve fa ianao no nandratra Ahy? Ianao no nandratra Ahy rehefa nanidina nivotsotra tamin'ilay taho tahaka an'izao ianao. Ianao no nandratra Ahy, oh, nandeha rà ho anao ny Foko, anaka, rehefa nahita anao nanao zavatra toy *izao-sy-izao* Aho. Fa ankehitriny dia Azoko eto an-Tànako ny fonao, Tiako ny hanao azy ho tena malemy fanahy. Tiako ny hanao azy toy izany mba Hahafahako mampiasa azy sy miaina ao anatiny. Te-hanidina hiverina eo amin'ilay rantsan-kazo Aho izao maraina izao, te-hanidina hiverina sy hitoetra Aho, hanamboatra ny Fitoerako ao aminao." Ekeo izany, Andriamanitra. Tianay Ianao. Ekeo izany, ho an'ny Voninahitrao. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay.

> Hitovy amin'i Jesosy, mba . . . (Tsy tianareo ve ny hivavaka fotsiny tahaka an'izao? Oh, mandro mihitsy ny fanahiko.)
> Eto an-tany aho . . . (Mahita Azy midina ao amin'ireo—ireo mpivavaka tahaka an'izao, mahatsapa ho tena mora fanahy ny fonareo? Mitempo haingana mihitsy ny foko.)
> . . . dia avy eto an-tany mankany amin'ny Voninahitra
> Mangataka fotsiny aho ny hitovy Aminy.

Hanangana ny tànanareo ve ianareo raha mihira an'izany isika?

> Hitovy amin'i Jesosy, mba . . .
> (Joe, tianao ve ny hiakatra ka hivavaka izao maraina izao, rahalahy? Andriamanitra hitahy anao. Mitadiava toerana eto amin'ny alitara ianao, Rahalahy Joe. Andriamanitra hitahy anao.)
> . . . dia avy eto an-tany mankany amin'ny Voninahitra
> Mangataka fotsiny aho ny hitovy Aminy.

174 Fantatro fa mafana ny andro, ry sakaiza. Fantatro fa mafana. Saingy izaho—izaho dia manantena fa mahatsapa tahaka ahy mihitsy ianareo. Oh, tsapako mihitsy fa toy ny hoe afaka manidina lavitra fotsiny aho. Tia toy ny inona Izy! Inona

no azoko hatao? Ho aiza aho? O Andriamanitra! Mankaiza aho? Mizotra mankaiza aho? Ho lasa—lasa inona izany? Ho lasa aiza aho zato taona aorian'izao ankehitriny izao? Ahoana moa raha tsy nanana Azy aho? Aiza, aiza no misy fialofana hafa?

Avy tao amin'ny fihinanam-bilon'i Betlehema
no nivoahan'ny Vahiny anankiray,
Eto an-tany dia maniry mafy aho ny hitovy
Aminy;
Mandritry ny diam-piainako rehetra avy eto
an-tany mankany amin'ny Voninahitra
Mangataka fotsiny aho ny hitovy Aminy.

Ny rehetra miaraka ankehitriny.

Hitovy amin'i Jesosy . . . (Deraina anie
Andriamanitra! Eny, Tompo! Eny, Tompo!
Tsy izao tontolo izao; fa tahaka Anao!)
. . . ny hitovy Aminy;
Mandritry ny diam-piainako rehetra avy eto
an-tany mankany amin'ny Voninahitra
Mangataka fotsiny aho . . . ? . . .

175 Raha mbola manondrika ny lohanareo ianareo, dia hangataka zavatra aminareo aho. Misy olona eto tsy mahafaly ny Fanahy Masina. Nisy olona nantsoina. Miteny amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy aho, amin'ny maha-Mpaminaniny. Azoko tsapaina ny Fony maratra. Ato anatiny ato, misy olona tsy manaja Azy, nefa tokony ho avy. Tsy ho avy ve ianareo ankehitriny?

Mandritry ny diam-piainako rehetra
avy . . . (Eny, ranabavy, saingy misy
ankoatra anao.) . . . Voninahitra
Mangataka fotsiny aho ny hitovy Aminy.

Hitovy amin'i Jesosy fotsiny . . . (Izany no
faniriako rehetra, malemy fanahy sy
ambany, manetry tena, hitovy Aminy.)
Eto an-tany aho . . . (Tsy hanatona ve ianareo
ankehitriny? Tian'Andriamanitra ny hahita
anareo hanao dingana, misy maromaro
aminareo.)
Mandritry ny . . .

176 Fantatro fa ho avy ianareo. Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao. Izay ilay izy. Izay ilay izy. Nijery teto ambonin'ity mpanatrika ity aho, ary aloka mainty mahatsiravina indrindra no nihantona teo izay tsy mbola hitako mihitsy. Eto ny Fanahy Masina ankehitriny. Eo amboniko Izy izao ankehitriny izao. "Mampalahelo ny Fanahy Masina."

Hitovy amin'i Jesosy . . .

177 Inona no Nataony? Nandeha tany amin'izay nitarihan'ny Ray. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Andriamanitra hitahy anao, rahalahiko. Marina izany, manatona avy hatrany ary mandohaleha.

Eto an-tany dia maniry mafy aho . . .

178 Ankehitriny no fotoana ho an'ny fihaikena tamin'ny andro fahiny, fandaminana, fanitsiana. Avia. Mahatsapa aho fa mbola misy ao. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao. Marina izany. Marina foana ny Fanahy Masina. Avia. Marina izany, manatona avy hatrany.

. . . Aminy.
Hitovy amin'i Jesosy, hitovy amin'i, eny, Jesosy,
Eto an-tany aho . . . (Oh, oadray, marina izany! Izany ilay fomba, fenoy fotsiny ilay lalantsara, manatona avy hatrany dia mivavaha.)
Mandritry ny diam-piainako avy eto an-tany mankany amin'ny Voninahitra, (Mibebaha fotsiny, lazao amin'Andriamanitra fa manenina ianareo, izay ihany no tokony hataonareo.)
. . . hitovy Aminy.

179 Tsy hanohy ho avy ve ianareo ankehitriny? "Ny . . ." Marina izany, mirotsaka avy hatrany fotsiny ny ranomaso, manatona. "Hitovy . . ."

180 Inona no hataonareo? Iza no hijoro ho anareo, izao hariva izao angamba? Iza no hijoro ho anareo rehefa tonga eo amin'ny tànan'akanjonareo ny fahafatesana? Tsy mampaninona izay nataonareo, mipetraka mihitsy eo akaikinareo eo ilay Fanahy Masina. Izany dia Izy izay te-ho tonga.

Mandritry ny diam-piainako rehetra avy eto an-tany mankany amin'ny Voninahitra

181 Mibebaha fotsiny, manao hoe, "Andriamanitra, manenina aho. Izaho—izaho tsy te-hanao an'izany. Tsy hijoro ho ahy Ianao raha tsy mijoro ho Anao aho ankehitriny. Ary tiako hijoro ho ahy Ianao, ka mijoro ho Anao aho manomboka androany. Hiaina tahaka ny tokony hiainan'ny Kristiana anankiray aho. Hanova ny fombako aho. Ho mora fanahy sy ho tony aho. Havelako hanao ny resany manokana ny olona, sy ny sisa. Hiaina fotsiny malemy fanahy sy tony eo Anatrehanao aho." Tsy mampaninona na impiry ianareo no manambara fa Kristiana anankiray, na inona fiangonana misy anareo, tsy misy idiran'izany. Tongava izao ankehitriny izao. Andriamanitra hitahy anao. Manatona avy hatrany, anaka.

182 Miresaka aminareo Andriamanitra ankehitriny. Raha mino ahy ho Mpanompony ianareo, dia ny Fanahy Masina no niteny tamiko izao maraina izao, nanao hoe, "Ataovy izao antso izao, misy betsaka eo." Izao no andro, izao no fotoana. Mbola misy dimy na enina ery aoriana ery, izay tena tokony ho avy ankehitriny. Tsarovy, rahalahy, ranabavy, mijery anareo mihitsy aho, mahita an'ireo aloka mainty mihantona eo amboninareo aho. Tsaratsara kokoa ny manatona avy hatrany.

183 Hitovy amin'i Jesosy! Tsy tianareo ve ny hitovy Aminy, mora fanahy, tony, malemy fanahy, manetry tena? Andriamanitra hitahy anao, tovolahy. Andriamanitra hitahy anao, dada miaraka amin'ny zaza. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. Andriamanitra hitahy anao, sakaiza mpanota. Marina izany. Manatona avy hatrany, ranabavy, mandrosoa avy hatrany, mitadiava fotsiny toerana ho anao. Andriamanitra hitahy anao.

184 Ranabavy malala, tokony hankasitraka betsaka ianao. Nandry voafatotra teo am-pandriana, teo am-pahafatesana, indro ianao mandeha ankehitriny, eto amin'ny alitara. Andriamanitra hitahy ny fonao tsotra.

185 Miteny indray ny Fanahy Masina ankehitriny. Fibebahana, miantsoantsoa mihitsy an'Andriamanitra, mivavaha fotsiny amin'ny fivavakareo manokana. Ianareo ihany no nanao an'ilay fahotana, ankehitriny dia ianareo ihany no manao ny fivavahana. Lazao amin'Andriamanitra fa manenina tamin'izay nataonareo ianareo. Aza miraharaha an'izay manodidina anareo. Manaova fotsiny hoe, "Andriamanitra, mamelà ahy, tsy te-ho tahaka an'izany aho. Te-ho mora fanahy aho. Izaho tsy—izaho tsy hitsivalana sy hifamaly intsony."

186 O Andriamanitra, oh, toy ny inona no itiavako an'izany! Ray An-danitra, ho an'ny mpifona tsirairay eto amin'ny alitara ankehitriny, mampandohalika ny lohaliny, mivavaka! O Andriamanitra, enga anie ireo reny, dada, ankizy, ray, reny, na inona koa, mpiara-monina, mambran'ny fiangonana, diakona, mpandraharaha, O Andriamanitra, amin'ity fotoan'ny fandasirana amin'ny fanao tranainy ity, mipetraka eto amin'ity efitra mafana ity izao maraina izao, ny Fanahy Masina midina avy hatrany, milaza fiadanana. O Andriamanitra, te-hijoro aho amin'izany andro izany mba handre Anao milaza, am-pahamoram-panahy hoe, "Eny, nanatona ianao ka nanao fijoroana iray ho Ahy, ankehitriny dia hanao fijoroana iray ho anao Aho." Tiako Ianao hametraka an'izany fiadanana izany anatin'ny fon'ny tsirairay izay eto androany, Andriamanitra. Am-pitoniana sy am-pahamoram-panahy, tiako Ianao hanao an'izany. Tiako Ianao hiditra fotsiny ao amin'izany fihetseham-po izany ka tsy hiala amin'izy ireo intsony izany, manomboka amin'ity andro androany ity. Enga anie ho vaovao ireo tokantrano. Enga anie ny olona ho olom-baovao. Enga anie

ny zavatra rehetra ho lasa vaovao androany, satria ireto olona ireo dia nanetry ny tenany. Hoy Ianao hoe, "Raha ny olona izay nantsoina tamin'ny Anarako no hanetry ny tenany, ka hivavaka, dia handre azy Aho any An-danitra." Ary fantatro fa mandre Ianao, izao maraina izao, Andriamanitra.

187 Ary mangataka famelàna aho ho an'ireo izay nifikitra teo amin'ny sezany, nefa tokony ho avy. Andriamanitra, miresaha amin'izy ireo, ary enga anie izy ireo tsy hanana fiadanana intsony eto an-tany mandra-pandrainy an'ilay fanapahan-kevitra, Tompo, ho tonga ka ho voahitsy hiaraka Aminao. Ekeo izany, Tompo. Tahio ny tsirairay avy ankehitriny. Enga anie ny Fahatsaranao sy ny Famindramponao hitoetra mandrakizay eo amin'ny fanahy tsirairay izay nifona sy niondrika tato amin'ity fiangonana ity izao maraina izao.

188 Ray, Andriamanitra, nanao an'izao aho tamin'ny Fandidianao. Niantso an'ireto olona ireto aho; nitsangana izy ireo. Hoy Ianao hoe, "Izay hanambara Ahy eo anatrehan'ny olona, dia hanambara azy Aho eo anatrehan'ny Ray sy ireo Anjely masina." Maro amin'izy ireto no efa Kristiana nanditry ny taona maro, saingy mitsangana izy ireo izao maraina izao mba hilaza ny fahotany fa nanao ratsy izy ireo. Lasa tsy azo tiavina izy ireo. Niala tamin'izy ireo ny Fanahy Masina. Ary imbetsaka no tsy nahatsapan'izy ireo an'ilay fihetseham-po mora fanahy, malefaka, malemy fanahy izay tokony ho tsapan'izy ireo. Maro amin'izy ireo no mpanota ka izao no fotoana voalohany ahatongavany. Fa, Ray, mila an'ilay fihetseham-po mahafinaritra izy ireo, ilay fiadanana izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra. Omeo azy ireo izany androany, Tompo Andriamanitra, ary enga anie izy rehetra ho maha-te-ho tia sy feno ny Fanahinao, raha miala eto amin'ity toerana ity androany, handeha ho any amin'ny tranon'izy ireo samihafa, hiaina amin'ny fiainana hafa ka ho tonga olona hafa. Mangataka an'izao amin'ny Anaran'i Kristy izahay.

189 "Efitra ao amin'ilay Loharano." Eny àry, ianareo izay eto amin'ny alitara, mitsangàna, miandrandrà amin'ny Tompo Andriamanitra, mihodina ka raiso ny tànan'ny olona manodidina anareo. Oh, hihira isika, ny rehetra ankehitriny, raha mbola mitsangana isika fotoana fohy mialohan'ny asam-panasitranana.

Efitra, efitra, eny, misy efitra,
Misy efitra ho anao ao amin'ilay Loharano;
Efitra, efitra, eny, misy efitra,
Misy efitra ho anao ao amin'ilay Loharano.
(Ny rehetra!)
. . . efitra, eny, misy efitra,
Misy efitra ho anao ao amin'ilay Loharano;
Efitra, efitra, eny, misy efitra,
Misy efitra ho anao ao amin'ilay Loharano.

Efitra, efitra, eny, misy efitra!
[Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

190 Finoana anankiray! Fantatrao ve fa indray andro, rahalahy, rehefa ny—ny vadinao no niantso, mba hivavahana ho anao? Nandeha tao amin'ilay efitra aho, ary ny Fanahy Masina no niteny tamiko hoe, "Aza matahotra." Amena. Tsy tena misy ve Izy? Mahafinaritra! Eny, deraina ny Tompo! Toa te-hihiakiaka fandresena fotsiny aho! Eny àry.

Ary ny Ràny no manasa ho fotsy . . . (Manan-javatra ho lazaina?)
Mamonjy Jesosy! . . . ? . . .

191 Eny àry, Rahalahy Neville ankehitriny. Ary manana teny iray ho lazaina i Rahalahy Slaughter. [Miresaka Rahalahy Slaughter. Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

Deraina ny Tompo! [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Mino aho fa naharay ny olona rehetra izao maraina izao."] Voninahitra! Haleloia! Haleloia! [Miresaka Rahalahy Neville, ary avy eo dia hoy izy hoe, "Tsarovy ny fivoriana androany hariva, manana fivorian'ny fanasan-tongotra sy fandraisana isika." Nanontany an-dRahalahy Branham izy hoe, "Fantatrao ve hoe ho eto ianao?"] Izaho rahariva dia mety ho eto, ihany koa. Eny, araka ny fahalalako, dia ho eto aho raha tsy voantso any ho any aho.

Ny Fiangonana Sy Ny Toerany
(*The Church And Its Condition*)
5 Aogositra, 1956, Alahady Maraina

Ety Ny Vavahady
(Strait Is The Gate)
1 Marsa, 1959, Alahady Maraina

Fiangonana Iray, Voafitak'Izao Tontolo Izao
(A Deceived Church, By The World)
28 Jona, 1959, Alahady Maraina

Ireto Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ireto, notoriana tamin'ny teny Anglisy tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta tamin'ny teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2014 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org